Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

BIRAO FOIBE
FILOHA SYNODALY-FILOHAN'NY FPMA

FAMPIANARANA HO AN'NY VAHOAKA KRISTIANA ATO AMIN'NY FPMA

NY FIANGONANA SY NY FANAOVAN'NY MPIKAMBANA REHETRA AO AMINY NY ADIDY HO ENTI-MANANA NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA AO ANATINY.

Atolotry ny Filoha Synodaly, Jean A. RAVALITERA, Mpitandrina, Docteur en Théologie

FITARIHANA

«***Maimaimpoana ny fahasoavan'Andriamanitra, fa mila ny ho enti-manana azy kosa ny Fiangonana***» (*La grâce de Dieu est gratuite, mais l'Église a un coût*), hoy ny teny hitantsika matetika eo am-baravaran'ny ankamaroan'ny trano Fiangonana miray amin'ny ERF izay mampiantrano antsika FPMA. Napetraka ho fanentanana ny vahoaka kristiana handrotsaka adidy mba ho enti-manana ny asan'ny Fiangonana izany : na ho fikojakojana ny trano fiangonana, na ho adidy iombonana arotsaka amin'ny Faritany sy ny Foibe ho fampandehanan-draharaha sy ho fivelomana ho an'ny mpiasam-piangonana matihanina. Raha vao miteny hoe «Fiangonana» isika dia tsy ny trano iangonana ihany, tsy ny fikambanan'ny olona eo an-toerana tonga hiara-mivavaka fotsiny ihany koa (congrégation locale) no ao an-tsaina amin'izany, fa voafaoka ao anatin'io teny io : na ny trano iangonana, na ny mpiara-mivavaka eo an-toerana, fa indrindra koa ny Fiombonan'ny kristiana mpiara-mivavaka miray ao anatin'ny Rafitra iray (Église institutionalisée), sy ny Fivondronan'ny Fiangonana samy kristiana manaiky hiara-miasa sy hifanome tanana (Fédération d'Églises), ary ny Fiangonana kristiana rehetra eran-tany (Église Universelle).

Misy ny olona sasany diso fihevitra fa hoe tsy tokony hanao adidy ao am-piangonana (afa-tsy izay tokony ho enti-manana ny eo an-toerana ihany). Azo lazaina ihany fa fitiavan-tena no fototra iaingan'izany, satria tsy mijery afa-tsy izay hahazoana tombontsoa ho an'ny tena fotsiny izay misaina toy izany, ary tsy mahafantatra mihitsy ny atao hoe Fiangonana.

Fa tsy azo hamaivanina ihany kosa kanefa izao : Tsy ampy faharisihana ny olona manao adidy, satria etsy andaniny, sady tsy misy fitaizana lalim-paka ara-panahy momba izany matetika fa miainga avy amin'ny zava-misy sy ny takian'ny eo noho eo ihany ny famaritana ny fanaovana adidy ao am-piangonana, no etsy ankilany kosa indray, tsy fantatry ny olona mihitsy matetika ny fampiasana ny adidy arotsany, fa mijanona amin'ny resaka ankapobeny fotsiny ny fampahalalana azy. Raha tsorina, dia tsy ampy ny mangarahara eo amin'ny fiainam-piangonana, fa indraindray mijanona, na iniavina ajanona, eo amin'ny mpitarika fotsiny ny fampitam-baovao. Tena mandreraka ny maro koa ny resa-bola toa tsy misy farany.

Marina aloha, fa matetika maka toerana be eo amin'ny fandinihan-draharaha amin'ny fiangonana ny resaka ara-bola, ary manorisory ny fitakiana matetika fandraisana anjara. Tsy azo lavina koa, etsy andanin'izany, fa indraindray tsy mazava araka ny tokony ho izy ny fitantanana ary voalaza etsy ambony fa tsy fantatry ny olona tsara ny anton'ny hampiasana ny vola angonina (na dia misy aza ny Teti-bola izay alefa mialoha, fa tsy raisin'ny olona ho tena zava-dehibe ny fanadihadiana tokony hiarahan'ny maro momba izany). Fa misy koa ny olona sasany, ireo efa tsy marisika mihitsy hanao adidy ara-bola, na ho an'ny raharaha eo an-toerana na ho an'ny fiombonana, miseho ho mahalala ary mandray an-tendrony fotsiny ny teny ao amin'ny Soratra Masina. Tanisainy ara-bakiteny, tsy asiany fandalinana mihitsy, ho entiny manamarin-tena amin'izany, ny hoe : «Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Mamôna (harena) ianareo» (*Matio 6, 24*) sy ny hoe : «Ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra» (*I Timoty 6, 10*).

Kanefa, misy fototra efatra lehibe (4 principes fondamentaux), sady ara-pinoana no ara-tSoratra Masina no ara-piaraha-monina koa (théologique, biblique et sociologique), tokony hijerena ny

fanatanterahana ny adidy ary entina mitaiza ny vahoakan'Andriamanitra mba hananany faharisihana (motivation) hanao adidy. Ireto avy ireto fototra efatra ireo :

1) **Fahatsiarovantena ho "mpiray volo" sy mpikambana feno no fototra voalohany (*Principe d'appartenance*);**
2) **Fahatsiarovana ny fananana fahafahana, no fototra faharoa (*Principe de liberté*) ;**
3) **Fanehoana fiaraha-mientana sy fifanampiana no fototra fahatelo (*Principe de solidarité*) ;**
4) **Fahatsiarovantena handray andraikitra no fototra fahefatra (*Principe de responsabilité*).**

Raha hazavaintsika tsotsotra atao an-tsary tsotra azo andraisana azy, mialoha ny handalinana azy ireo fototra efatra ireo, dia toy izao : Raha vao miditra ao anatin'ny fikambanana iray ianao (mpanao fanatanjahantena, ohatra) dia angatahina mba handoa latsakemboka isam-bolana na isan-taona (cotisation). Ny fandoavana izany latsakemboka ifanarahana izany no marika hahatsiarovan-tena fa tena mpiray volo sy mpikambana ao tokoa ny tena (principe d'appartenance). Raha hazavaina tsara fa ilaina mba handoavana ny sarany amin'ny fanatanterahana ny fihetsiketsehana rehetra hataon'ny fikambanana io latsakemboka io, ary satria ny asa rehetra dia mendrika hahazo ny tambiny, dia ampahafantarina koa fa ao anatin'izany dia tokony handoavana saran-dalana sy tambim-pahasasarana ny mpanazatra ny ekipa. Fanazavana ilaina izany, mba hampitana amin'ny olona ny fahatsiarovana fandraisana andraikitra (principe de responsabilité). Sendra tojo fahasahiranana ny namana mpiaraka ao anatin'ilay fikambanana fa nisy fahoriana nahazo azy indray andro. Namangy ny fianakaviana ny mpikambana rehetra, ary nanolotra marika kely fandraisana anjara mba hanampiana ilay namana tojo fahasahiranana. Fiaraha-mientana sy fifanampiana izany (principe de solidarité). Mety ho efa voafaritra mialoha ny latsakembona aloa ao anatin'ny fikambanana, kanefa samy nanao araka ny nahimpony ny mpikambana tsirairay nandoa, tsy ho an'ny fanampiana io namana io fotsiny, (satria mety ho efa nifanarahana tany aloha ao anatin'ny fitsipiky ny fikambanana ny momba ny fanampiana hatao amin'ny toe-javatra mitranga tahaka izany), fa amin'ny fitsinjovana mihitsy koa ny asa rehetra miandry ny fikambanana ka tsy maintsy hanaovana fandaniana. Fanehoana ny fananana fahafahana izany (principe de liberté). Misy tokoa mety hanome mihoatra noho ny latsakemboka efa nifanarahana, noho ny fahatsapany ny tena hilana vola ho enti-mampandeha ny raharahan'ny fikambanana. Fa misy kosa ny sahirana, kanefa tena te hijanona ao anatin'ny fikambanana ihany izy na tsy afa-manoatra firy noho ny fananany : zara aza, efa zava-dehibe tokoa, rehefa mba miezaka mafy izy dia tsy mahavita afa-tsy izay efa nifanarahana ihany. Tsy misy fifanomezan-tsiny fa marina sy rariny izany. Ny manao mihoatra ny tokony aloany mba hahafahana mitsinjo ny hafa naman'ny tena ao anaty fikambanana izay tsy afa-manoatra, dia sady maneho fahafahana no fiaraha-mientana koa, araka ny Soratra Masina hoe :«**mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy**» *Galatiana 6, 2*. Fampianarana ny amin'ny tokony hananana fandeferana sy fahari-po eo anatrehan'ny namana (tolérance et charité) io, sady mamporisika koa amin'ny fanomezan-danja ny fiombonana (communion et solidarité).

☛ MOMBA NY FAHAFOLON-KARENA (*DÎME)*

Ny fiainan'ny Fiangonana, hatramin'ny fiangonan'ny Zanak'Isiraely araka ny Testamenta Taloha, sy nandritra ny Fiangonana voalohany araka ny hita ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary nandritra ny tantaran'ny Fiangonana nifandimby voarakitry ny tantara, dia teo foana ireo fototra efatra voalaza ireo. Fa mety miova kely kosa isaky ny fisehoany ny endriny.

Marihina tsara fa isan'ny mahatonga ny fanenjehana ny « sekta » sasany ankehitriny ny fanaraoraotan'ny mpitarika azy ireo, izay mitaky be dia be «fandraisana anjara ho enti-manana» amin'ny olona azony hanaraka azy aty aoriana, na dia mody notambatambazany teo am-boalohany aza ireo olona ireo fa hahazo tombontsoa ka tsy ho tahaka ny hitany tany amin'ny fiangonana nisy azy taloha ny fandoavany adidy, rehefa hanaraka azy izy ireo. Fantatsika fa fomban'ny sekta mandrakariva ny «manjono am-bovo» (prosélytisme), manaraoraotra matetika izay hitany fa mety manohina ny olona taominy.

Tany aloha, teo amin'ny Zanak'Israely, dia nisy ny fandoavana fahafolon-karena (dîme) ho enti-manao ny asam-piangonana. Abrahama no voalaza ao amin'ny baiboly ho nanome voalohany ny fahafolon-karena. Rehefa tafaverina avy niady tamin'ireo mpanjaka namabo an'i Lota zana-drahalahiny izy, ka nandresy azy ireo ary nitondra babo, dia natolony an'i Melkizedeka mpanjakan'i Salema, izay mpisoron'Andriamanitra Avo indrindra koa, ny ampahafolon'ny zavatra rehetra azony (*Genesisy 14,* 20). Fihetsika maneho ny fanekeny an'i Melkizedeka mpisorona ho ambony kokoa noho ny tenany, manana fifandraisana bebe kokoa eo anatrehan'Andriamanitra izany, ka ny fanomezany ho azy dia tahaka ny fanomezana ho an'Andriamanitra amin'ny alalany. Tao anatin'ny lalàna teo amin'ny Zanak'Isiraely taty aoriana, notakiana ny fandoavana ny fahafolon-karena ho an'ny Levita (*Nomery 18, 21*-24). Ny epistily ho an'ny Hebreo dia mamelabelatra bebe kokoa izany fihetsik'i Abrahama izany, sady manampy fampitahana sy fanazavana momba ny fanao izay manolotra ny fahafolon-karena ho an'ny mpisorona teo amin'ny Zanak'Isiraely (*Hebreo 7, 4*-10).

Notohizan'ny antokom-pinoana kristiana sasany mandraka ankehitriny izany fomba fanao manolotra fahafolon-karena izany. Tahaka ny tamin'ny andron'ny Zanak'Isiraely dia enti-manana ny fampandehanan-draharahaao am-piangonana izany, fa indrindra ny fandoavana ny fiveloman'ny mpitondra fiangonana. Tamin'ny andron'ny Emperora romana Constantin izay nanao ny fivahanana kristiana ho fivavaham-panjakana (taonjato faha-4), dia nandidy ny vahoakany ny amin'ny fandoavana ny fahafolon-karena, efa fanao koa teo amin'ny fivavahana tamin'ny sampy, hanjary ho tsy maintsy adidy atao ho an'ny Fiangonana. Ny Emperora Charlemagne indray, tamin'ny taona 779 sy 794 dia nametraka izany ho lalàna, ka tonga tahaka ny hetram-panjakana tsy maintsy naloa io. Ny firenena kristiana rehetra taty Eoraopa dia saika nanaraka izany avokoa nandritra ny taona maro. Mandraka ankehitriny dia mbola mitohy ny fanatanterahana izany, amin'ny endriny hoe «impôt ecclésiastique» any Allemagne. Ny fanjakana frantsay moa dia nandrava io lalàna io tamin'ny Révolution tamin'ny taona 1789, ary nofoanana tanteraka ilay hetra tamin'ny taona 1792. Fa satria nenti-nanana ny asam-piangonana, fa indrindra ny fandoavana ny fiveloman'ny mpitondra fiangonana izany, dia nanokana tao amin'ny tetibolam-panjakana mihitsy, tao anatin'ny fifanekena nataon'ny Emperora Napoléon I sy ny Fiangonana (Concordat), ny fandoavana ny karaman'ny mpitondra fiangonana izay tahaka ny mpiasam-panjakana ihany. Ny lalàna momba ny «Fanasarahana ny asam-piangonana sy ny asam-panjakana» (Loi sur la Séparation de l'Église et de l'État) tamin'ny taona 1905 no nanafoana tanteraka io fandraisan'ny fanjakana anjara amin'ny asam-piangonana io taty Frantsa (afa-tsy amin'ny faritra Alsace-Moselle izay tsy tao anatin'ny firenena frantsay teo amin'ny fotoana nivoahan'ny lalàna, ka mbola manohy manana sata manokana mandraka ankehitriny).

Fanontaniana manitikitika ny saintsika ny hoe : *Nahoana no «fahafolon-karena», fa tsy mety ho isan-jato hafa ve ny kajy famerana ny fanome* ? Ny valiny tsotra, dia satria efa fanao tamin'izany fotoana izany io, fa nanaraka fotsiny ny fomba i Abrahama. Ny «fahafolo» manko dia mora ampiharina kokoa (pratika) teo amin'ny fanisana sy ny fizarana, fa ny rantsan-tanana ihany no nampiasaina, koa rehefa voaisa ny sivy eo aloha dia avahana ny fahafolo atokana ho fanomezana.
Iarahan'ny rehetra mahalala fa mila fananana ny Fiangonana ho enti-manao ny raharahany. Io fandraisana anjara io no manjary mariky ny maha-mpikambana. Nanjary nisy Fiangonana mamaritra sy mametra mihitsy aza, ho antoky ny fandraisana anjara ho an'ny olona ao am-piangonana (batisa, mariazy, fandevenana), avy amin'ny alalan'ny fanatanterahan'ny tsirairay ny adidiny. Tonga tahaka ny lalàna ilay fandraisana anjara noho izany.
Fa tsy **azo tanana ara-bakiteny ny fandrotsahana ny «fahafolon-karena»**, na dia misy fototra iaingana ara-tSoratra Masina aza izany. Ny zava-dehibe dia ny fahatsiarovantenan'ny tsirairay sy ny fahavitrihany hanefa izay tokony hataony, , araka ny anatra nataon'ny apostoly Paoly momba ny fanajana ny Rafitra misy, na ara-panjakana na ara-pikambanana, na ara-piangonana, hoe : «Mandoava amin'izy rehetra araka izay tokony ho azy avy : vola hetra ho an'izay tokony handoavan-ketra, fadin-tseranana ho an'izay tokony handoavana fadin-tseranana, tahotra ho an'izay tokony hatahorana, haja ho an'izay tokony hohajaina. Aza avela hisy tsy voaloa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany ; fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalàna.» *Romana 13, 7-8* . Fahadisoan'ny ankamaroan'ny protestanta fatra-pandala ny «fahalalahana» (libéralisme) kanefa hatrany am-boalohany ny be famaritra ara-poto-kevitra momba ny tsy tokony hisian'ny fameperana ny adidy ataon'ny tsirairay, kanefa tsy ampy fandresen-dahatra ny vahoakan'Andriamanitra handray andraikitra feno, koa nanjary niteraka fahalemena sy tsy fahampiana mandrakariva eo amin'ny fananan'ny Fiangonana ny ho enti-manana ny raharahany izany.

Fa andeha hiverenantsika hohalalinina amin'izay ireo fototra efatra voalaza etsy aloha.

1. NY FANAOVANA ADIDY DIAMARIKY NY FIROTSAHANA HOMPIKAMBANA FENO **(Principe d'appartenance)**

Ara-tSoratra Masina, ao amin'ny **Testamenta Taloha** teo amin'ny Fiangonan'ny Zanak'Israely, ny fanomezana am-pahany amin'ny fiveloman'ny tena ho an'ny mpisorona izay «mpanompon'Andriamanitra» dia midika ho fandraisana anjara amin'ny fanaovana fanatitra ho an'Andriamanitra ho fanehoam-pankasitrahana noho ny soa noraisina avy Aminy. Mitsinjara ho maromaro ireo fandraisana anjara naloa ho an'ny fiangonana ireo, araka ny *Eksodosy 33, 13-16, Levitikosy 27, 30-32, Nomery 18, 20-28, Deoteronomia 12, 17-19; 14, 22-29.* Ara-poto-kevitra dia tahaka izany koa no fanorenana ny adidy ao amin'ny Fiangonana Kristiana. Tsara homarihina kanefa, fa *tsy ny fandoavana ny fahafolon-karena no mahatonga ho isan'ny* vahoakan'Andriamanitra. Fa satria *mahatsiaro tena ho vahoakan'Andriamanitra Abrahama, na Mosesy, na ny Zanak'Israely, dia mandoa izany «adidy» izany izy.* **Ny maha-mpikambana no mialoha ny fandoavana adidy.** Ny fahendren'ny razantsika malagasy dia mitovy amin'izany, fa hoy izy hoe : « *ny adidy tsy an'olon*-dratsy» Enti-misoroka ny mety ho fivilian-kevitra ampidirin'ny sasany izany, ka hoe satria manao adidy be izy dia manjary afaka mifehy ny Fiangonana.
Ny Fiangonana katolika Romana dia mamporisika ireo mpikambana tsirairay tena mirotsaka (membres engagés) ao aminy mba handoa ny antsoina hoe «denier de culte», vaoafaritra ho ankevitry ny karama indroa andro isan-taona (deux jours de salaire par an) ; ary ireo mpikambana tsotra dia amporisihina

handoa fanatitra tokony ho ankevitry ny 2 euros isan'Alahady[1]. Mazava ho azy fa ny olona tena resy lahatra ihany mandrakariva no manefa izany, na dia misy aza ny fanentanana atao isaky ny fanaovana «laretirety» (fiofanana tarihin'ny pretra). Misy ny pretra sasany tany aloha izay tsy nanaiky mihitsy ny hanao fanompoam-pivavahana na asa pastoraly manokana ho an'ny olona (batemy, mariazy, fandevenana) raha tsy fantany fa efa voaloa io «adidy» io.

Any Madagasikara, eo anivon'ny fiangonana FJKM sasany, dia misy manao toy izany koa ny mpitandrina sasany ka manontany ny fanefan'ny mpiangona ao aminy ny «adidiny», mialoha ny hanaovana asa pastoraly ho azy. Hatramin'ny «zanaka am-pielezana» dia fantarina ny fanaovany adidy fanampiana ny fiangonana any an-tanindrazana niaviany, vao ekena ny fanaovana batisa na mariazy na fandevenana ho an'ny fianakaviany.

Tena tsy mety mihitsy ny mametraka Fitsipika henjana momba ny fanaovana adidy, ary tsy azo sakanana tsy hahatonga fisainana fa «vidin'ny fahasoavana» raisina ao am-piangonana izany. Kanefa eo amin'ny lafiny fitaizana dia mety ihany ny mampahatsiaro fa « *tena mariky ny fahatsiarovantena ho mpikambana feno eo amin'ny Fiangonana ny fanaovana adidy* ». Izany rahateo no nahatonga ny fampidirana ao anaty rafitra ny hoe « adidin'ny mpandray ny Fanasan'ny Tompo », satria fantatra fa ny mpandray ny Fanasan'ny Tompo no mpikambana manapa-kevitra eo amin'ny raharaham-piangonana.

Ao amin'ny **Testamenta Vaovao**, Jesoa Kristy dia tsy namaha mihitsy ny Fitsipika nisy tamin'ny androny momba ny fandoavana adidy ao am-piangonana. Hitantsika milaza izany ny *Matio 17, 24-27.* Ny marihina avy amin'ny resaka nifanaovan'ny Tompo sy Petera, araka io voalazan'i Matio io, ny eo ambanin'ny lalàna dia tsy maintsy manefa «trosa» ho adidiny, araka ny lalàna, fa ny mpianatry ny Tompo eo ambany fahasoavana kosa, efa tonga zanak'Andriamanitra amin'ny alalany, dia tsy tokony hahatsiaro tena ho voatery mihitsy fa hanao izany amin'ny hafaliam-po sy ny fitiavana. Paoly apostoly, raha nanoratra ho an'ny Korintiana momba ny fanampiana ny kristiana sahirana tany Jodia, dia nanentana azy ireo mba haka ohatra amin'ny nataon'ny Fiangonana tany Makedonia (*II Korintiana 8-9*). Miverimberina ao anatin'ny fampianaran'ny apostoly ny hoe « **fahasoavana** ». Ao anatin'izany fahasoavana izany ny fahatsiarovantena ho mpiara-miombona (esprit d'appartenance), ka tsy nanaiky mihitsy ny tsy handray anjara adidy tandrifiny azy ny Fiangonana tany Makedonia. Lazain'ny apostoly eo am-panombohana ny fampianarany ho an'ny Korintiana « ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ny fiangonana any Makedonia »[2] Io fahasoavana io dia ny fahatsiarovantena ho miray amin'ny Tompo, manahaka ny Tompo eo amin'ny ataony, satria «**Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa ; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray** », hoy ny Tompo[3].

Fa hoy ny apostoly milaza momba azy ireo, hoe : **« fa tamin'ny fahoriana be nizahan-toetra azy no nitomboan'ny hafaliany, ary ny hamafin'ny fahantrany no nampitombo ny haren'ny hitsim-pony. Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany, no nanomezany, sady nangataka mafy taminay koa izy mba avelanay hikambana amin'izany fanompoana ho an'ny olona masina izany ; ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an'ny Tompo aloha, dia vao ho anay koa noho ny sitrapon'Andriamanitra**… »[4] Fanahafana an'i Jesoa Kristy tonga nofo ny fanaovana adidy noho ny fahatsiarovantena ho mpiombona Aminy, fa hoy ihany ny apostoly hoe : «Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony.»[5]

Ny mpaminany Malakia dia manazava fa tsy afaka manefa araka ny tokony ho izy ny andraikitra nomena azy ireo olona manompo ao amin'ny Fiangonana, raha toa ka tsy tanterahin'ny vahoakan'Andriamanitra tsara sy araka ny tokony hataony ny fandraisana anjara tokony haloany ho an'ny asan'ny Fiangonana. Tandremana tsara, mba tsy hahadiso hevitra, indrindra raha mandray ara-bakiteny fotsiny izay voasoratra momba izany ao amin'ny *Malakia 3, 8-10*, soritana manokana ny eo amin'ny *and. 10*, fa tsy mampanantena fitahiana ara-pananana ho an'ny tena (bénédiction matérielle) akory izay voalaza eo. Misy manko ny mihevitra, ary vavaka diso fandre matetika ataon'ny sasany ao am-piangonana izany, fa rehefa manome izy dia «ampitomboin'Andriamanitra avo folo heny, avo zato heny, ny fananany mba ho tambiny». Fa mampieritreritra kosa ny *and. 9* manao hoe : «Voaozona amin'ny ozona ianareo, nefa Izaho no robainareo… ». Fandrobana an'Andriamanitra ny fampahoriana ny mpanompon'Andriamanitra, satria tsy mamela azy ireo hanao tsara ny asan'Andriamanitra. Rehefa omena fahavitrihana hanao ny andraikiny ny mpanompon'Andriamanitra (motivation) amin'ny fanomezana azy tsara ny tokony ho zony, dia ho tsara

[1] INSTITUT CATHOLIQUE DE MADAGASCAR, *Pour une liturgie inculturée*, vollection ISTA n° 8, Antananarivo, 1998. Jereo koa Marie-Christine COLLAS, *Dîmes et offrandes, Pourquoi donner* ?, Marne-la-Vallée, Éditions Farel, 2006, p. 13

[2] *II Korintiana 8, 1.*

[3] *Jaona 14, 12*

[4] *II Korintiana 8, 2-5*. Izahay no nanipika mba hanazava ny momba ny fahatsiarovantena ho mpikambana, fa ny soramandry dia efa araka izay voasoratra ao amin'ny Baiboly.

[5] *II Korintiana 8, 9.*

kokoa ny fanatanterahany ny asany, fa ny fitahian'Andriamanitra dia arotsany ho an'izay mangataka aminy amin'ny fo madio sy mahitsy tokoa. «Fa ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra », hoy Jakoba[6].
Moa tsy mbola marina mandraka ankehitriny eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana koa va izay lazain'ny mpaminany Malakia ? Aiza ny fahatsiarovantenan'ny kristiana ho miombona marina amin'ny fanompoana an'Andriamanitra ? Tsy mampalahelo antsika ve raha mbola misy foana ny mpanompon'Andriamanitra mahatsiaro tena ho sahirana ka tsy afaka manao tsara ny andraikiny, na dia manam-paniriana tsara aza ? Tsara hovakiana matetika sy hosaintsainintsika kristiana lalina, ny voasoratra ao amin'ny ***Jakoba 1, 2-27***, sy ny ***Kolosiana 3, 16-17,23-24*** **mampianatra antsika ny tokony hatao amin'ny fahatsiarovantena ho mpikambana feno amin'ny Fiangonana Tenan'i Kristy, ary Kristy no Lohany sy Tompony**.

2. Ny Fanaovana adidy diamarika ny fahatsiarovana ho an'ny fiangonana **(Principe de liberté)**

Tsy vitsy ny kristiana manontany, na manao fanamarihana hoe : «*Tsy tokony hatao Fitsipika momba ny fanaovana adidy ao am-piangonana mihitsy ve ny fandoavana ny fahafolon-karena ?*», na avy ao amin'ireo vondrona «évangelique» efa manao izany, na avy ao anatin'ireo Fiangonan-dehibe «historiques» (Katolika Romana, Ortôdôksa, Loterana, Réformés, Anglikana) Ny teny milaza fototra ara-tSoratra Masina (fondement biblique) momba io fandoavana fahafolon-karena io kanefa dia saika ao amin'ny Testamenta Taloha avokoa. Ny teny vitsivitsy sasany mba hahitana filazana izany ao amin'ny Testamenta vaovao dia momba ireo jiosy mpivavaka fatratra, fa indrindra ireo fariseo izay fatra-panaja izay voasoratra ao amin'ny Lalàna (jereo *Matio 23, 23*, ohatra). Ara-tantara kanefa, teo amin'ny Zanak'Isiraely, raha tsy teo ambany fanapahan'ny firenen-kafa izy ireo fa nahaleo tena, dia toy ny hetra tsy maintsy naloa teo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina nifamatotra tamin'ny fiainam-pivavahana mihitsy izany ; fa rehefa teo ambany fahefan'ny firenen-kafa izay nitaky hetra hafa tsy maintsy naloa teo amin'ny fanjakana izy ireo, dia voatery nianto-tena teo amin'ny raharahany ny Fiangonana, ka nandoa hetra amboniny, na nampiasa io fanao io.
Teo amin'ny Fiangonana voalohany tamin'ny andron'ireo apostoly sy ny mpianatr'izy ireo mivantana, satria maro ny kristiana kokoa ny kristiana jiosy, dia nandoa ny fahafolon-karena ho an'ny fivavahana jiosy izy ireo, no sady nandoa koa izay mety ho foiny ho an'ny Fiangonana kristiana (Barnabasy, ohatra, dia Levita ka nandray fivelomana tamin'ny naha-Levita azy). Ireo jiosy izay voaroaka tao amin'ny synagoga rehefa tonga kristiana, sy ireo kristiana tsy mba jiosy, dia tsy voatery ho nandoa ny fahafolon-karena fa afaka nanao araka izay heveriny fa tokony aloany ho an'ny Fiangonana ihany. Izany no tsy ahitantsika mihitsy famporisihana momba ny fandoavana ny fahafolon-karena ao amin'ny Testamenta vaovao, na ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly na any amin'ireo Epistily samihafa.
Hoy ny apostoly Paoly hoe : «**Aoka ny olona rehetra samy *hanao* araka izay inian'ny fony avy, tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena ; fa „ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra"**»[7] Ampiasaintsika matetika io andalan-tSoratra Masina io mba ho fanentanana, na amin'ny fanaovam-bokatra ao am-piangonana, na eo am-panombohana ny fanatazan-drakitra mandritra ny fanompoam-pivavahana. Nambaran'ny apostoly kanefa izany teny izany teo am-boalohany tamin'ny fanangonana fanampiana ho an'ny kristiana tany Jodia tratry ny mosary (*Asan'ny apostoly 11, 29*). Fitsinjovana ny fiainan'ny olona no tanjona tamin'izany (but humanitaire). Azo ampiharina ihany koa izany ankehitriny amin'ny fanaovana asa fanampiana sahanin'ny Fiangonana (diaconie).
«**Araka izay inian'ny fony avy**», sy hoe koa «**manome amin'ny fifaliana**» : manoritra mazava tsara ny fototry ny fahatsiarovana fananana fahafahana ireo (principe de liberté) ireo teny ireo. **Azo lazaina mihitsy aza fa mari-pana (thermomètre) na toy ny famantarana ny toetr'andro (baromètre) eo amin'ny fiainana sy ny finoan'ny olona tsirairay avy ny risi-pony hanefa ny anjara adidiny**. Fahita matetika ny fisian'ny kristiana sasany mahalala tsara ny anton'ny adidy andrasana aminy, kanefa minia tsy manefa mihitsy izy rehefa misy tsy mahafaly azy eo amin'ny fiainam-piangonana na eo amin'ireo mpitarika. **Ny tombam-bidin'ny fanomezana foin'ny olona ho an'ny asan'Andriamanitra ao am-piangonana dia azo itarafana ihany koa ny lanjan'ny fiainam-panahiny asehony amin'ny fanolorantenany sy ny fitokisany feno amin'Andriamanitra (indicateur du niveau spirituel)**. Manazava izany tsara ny fideran'ny Tompo Jesoa Kristy ilay mpitondrantena nandatsaka farantsakely roa tao amin'ny tempoly (*Lioka 21, 1-4*). Tsy tokony ho raisna ara-bakiteny ho fanamarinana ny tsy fanomezana ho rakitra afa-tsy vola madinika kanefa io. Ny nideran'ny Tompo ilay mpitondrantena dia ny fahafaham-pony nanolotra izay rehetra nananany mihitsy. Manamafy io foto-kevitra momba ny fahafahana sy fahafoizan-tena io ny apostoly Paoly raha nilaza tamin'ny kristiana tany Korinto izy, momba ny fanampiana ny tany Jodia, hoe : «Tsy milaza izany ho didy aho, fa noho ny zotom-pon'ny sasany, mba hizaha toetra ny hamarinan'ny fitiavanareo koa.»[8] Saika fanaony matetika io rehefa mamporisika ny kristiana hanome maimaimpoana na hanao fanampiana izy (jereo *Romana 15, 25-27*). Nankasitraka ny Fiangonana tany Filipy izy noho ny fanampiana («fivelomana») izay notapahin'izy ireo ho azy, kanefa hoy

[6] *Jakoba 5, 16.*
[7] *II Korintiana 9, 7.*
[8] *II Korintiana 8, 8.*

izy hoe : «Nefa tsy toy ny mitady fanomezana no ilazako izany ; fa mitady ny vokatra izay hitombo ho voninahitrareo aho. Fa manana ny zavatra rehetra aho sady manana amby ampy aza ; feno aho, rehefa nandray tamin'i Efradito ilay zavatra nampitondrainareo, dia hanitra ankasitrahana, fanatitra tian'Andriamanitra sady ankasitrahany.»[9] Voalazany tamin'ny Korintiana fa «Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin'ny zavatra masina dia mihinana ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara dia miombona amin'ny alitara ? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo, fa izay mitory ny Filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny Filazantsara. Nefa tsy mahavatra izany zavatra izany na dia kely akory aza aho ; ary tsy manoratra izany aho mba hanaovana izany amiko ; fa aleoko maty toy izay hisy hahafoana ny reharehako.»[10] **Ny manome amim-pitiavana, tsy an-tery fa araka ny hitsim-po, dia fanehoan'ny mino fahafahana eo anatrehan'Andriamanitra sy eo anarehan'izay tolorany.** Vao mainka mitombo ny fifaliana raha toa ka mankasitraka ilay omena. Ny fifalian'ny mpanompon'Andriamanitra dia toy ny fifalian'Andriamanitra mihitsy, ka mahatonga ny adidy ho «hanitra ankasitrahana, fanatitra tian'Andriamanitra sady ankasitrahany».

3. Ny Fanaovana Aadidy dia Fanehoana Fiaraha-mientana sy Fifanampiana no Fototra Hatelo **(*Principe de solidarité*)**

Hoy ny hafatry ny Tompo Jesoa tamin'ny mpianany : « Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo ; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.»[11] Fifankatiavana manahaka ny fitiavan'Izy Jesoa Kristy no tiany hananana amin'izany, fa Izy nolazain'ny apostoly Paoly hoe : «… na dia nanan-karena aza dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanankarena anareo ny alahelony.»[12] Ny fifanampiana dia fialana amin'ny fiheverana ny tena manokana, fa mitodika mba hijery ny hafa. Raha mbola mikatona ao amin'ny tena fotsiny ihany dia tsy mahay maneho fiaraha-mientana sy manampy ny hafa mihitsy.

Ny fiaraha-mientana sy fifanampiana dia vokatry ny fifankatiavana sy firahalahiana ao amin'i Jesoa Kristy (*la solidarité est la conséquence de notre fraternité en Christ*).

Mbola tenin'i Jesoa Kristy tamin'ny mpianany, manamafy izay efa voalazantsika tetsy ambony ny hoe : « Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin'ny fitiavako ianareo. Raha mitoetra amin'ny didiko ianareo dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany. … Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo.»[13]Io fitiavan'i Jesoa io, no nambaran'ny apostoly Paoly hoe «Fahasoavana», raha namporisika ny kristiana tany Korinto izy hanampy ny rahalahy sahirana tany Jodia, ary hanao tahaka izay efa nataon'ny fiangonana tany Makedonia izay naka ohatra mivantana tamin'ny Tompo. Ny fanehoana fiaraha-mientana, na fifanampiana, dia tsy mety ho tanteraka na oviana na oviana raha tsy ao aloha ny fitiavana, ary arahin'ny finiavana hampandefitra ny «izaho» fa hivoaka ny tena mba hijery ny hafa amim-pitiavana (*La solidarité ne peut vraiment se faire sans que l'on daigne sortir de l'ego et se tourner vers les autres avec compassion*). Raha «fiantrana» arahina fiheverantena ho ambony sy filan-tsitraka amin'ny hafa dia tsy fanehoana fifanampiana mihitsy, satria mbola fitodihana amin'ny tena ihany izany, ka manome fahafaham-po ny fiheverana sy fanomezana lanja ny tena (vakio *Matio 6, 1-4*).

Araka ny lalàn'i Mosesy, ny ampahany amin'ny fahafolon-karena aloan'ny olona eo amin'ny taona fahatelo sy ny taona fahenina dia nozaraina ho an'ny levita ny am-pahany ary hoan'ny mahantra ny am-pahany (vakio *Deoteronomia 14, 28-29*).

Nisy lalàna hafa koa teo amin'ny Zanak'Isiraely natao hanampiana ny mahantra sy ny sahirana, dia ny «*taom-panafahana*»(vakio *Deoteronomia 15*). Ao anatin'izany lalàna izany, dia namporisihana mba hamotsotra ny trosan'olona amin'ny tena, amim-pitiavana, araka izay azo atao ny zanak'Isiraely. Navela hioty ny ambiny tavela tsy voaangon'ny mpamory ny vokatra eny an-tsaha ny mahantra sy ny sahirana ary ny vahiny (vakio *Deoteronomia 24, 19-21*). Mandritra ny fotoam-pifaliana dia asaina manasa ny levita sy ny mahantra sy ny sahirana ary ny vahiny (izay tsy mba manana anjara lova) mba hiara-misakafo aminy ireo manan-katao (*Deoteronomia 14, 29*). Momba ny fanomezana izay hatao fanatitra ao amin'ny tempoly dia notsinjovina ny mahantra sy ny sahirana, satria nahazo nanolotra domohinana zana-boromailala roa ho solon'ny ondrilahy na vantotr'omby rizareo(vakio *Levitikosy 1, 14 ; 5, 7-11*).

Fa ny hetra fandoa ao amin'ny tempoly, izay mitentina antsasaky ny sekely, sahabo ho karaman'ny mpiasa indroa andro) dia tsy maintsy naloan'ny olona rehetra, na manan-katao na sahirana. Tsy noraisin'ny olona sahirana ho vesatra mihitsy izany, fa nataony ho toy fampahatsiarovana fa mitovy avokoa eo anatrehan'ny adidy tokony hatao ho amin'ny asan'Andriamanitra. Azo antoka fa izany fisainana izany no tsaroan'ny kristiana tany Makedonia, izay mbola jiosy ny ankamaroany teo am-piandohana, raha nikiry ny hanao izay tokony ho anjarany ho fanampiana ny tany Jodia izy ireo.

[9] *Filipiana 4, 17-18*. Izahay no nanipika ireo teny sasany, manamafy ny fanazava nataonay tary aloha fa, «ny fanampiana ny mpanompon'Andriamanitra dia asa atao ho an'Andriamanitra, toy ny fanatitra atolotra an'Andriamanitra mihitsy».
[10] *I Korintiana 9, 13-14*. Izahay ihany koa no nanipika, satria mampahatsiaro ny *Lioka 10, 7* io teny io.
[11] *Jaona 13, 34*.
[12] *II Korintiana 8, 9b*.
[13] *Jaona 14, 9-10,12*.

Fa misy foana ny manaraoraotra ny fifanampiana, mba hireharehana eo anatrehan'ny hafa sy hitadiavana tombontsoa ho an'ny tena akory aza. Iarahantsika mahalala ny alahelon'ny olona tratry ny fahasahiranana vokatry ny voina voa-janahary, nahatonga fiaraha-mientana tamin'ny maro hanao fanampiana, kanefa indraindray tsy tonga mihitsy any amin'ny mila izany ny fanomezana fa mivily lalana hampanan-karena ny mpanaraoraotra. Hatramin'ny andron'ny zanak'Isiraely dia efa niteny mafy ireo «mpihatsaravelatsihy» sy «mpanaraoraotra ny fahorian'ny sasany» ny mpaminany maro. Tamin'ny andron'ny Tompo dia mbola nisy ihany koa ny nanao toy izany, ka nahatonga ny Tompo hiteny mafy, hoe : «Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy ! fa laninareo ny tranon'ny mpitondrantena, ary dia manao vavaka lavareny ho fiolahana ianareo ; koa izany no hahazoanareo fanamelohana mafimafy kokoa .»[14]

Tao amin'ny Fiangonana voalohany, tamin'ny andron'ny apostoly, dia niombonana ny fananana rehetra ka nozaraina araka ny ilain'ny tsirairay avy. Fantatsika fa avy amin'ny lesoka noho ny tsy fahatanterahana nitranga teo amin'ny fizarana no nampimenomenona ny antokon'olona sasany, ka nahatonga ny apostoly nanapa-kevitra ny hampifidy diakona hitantana izany (vakio *Asan'ny apostoly 6, 1*).

Voalazantsika tary aloha koa ny fanangonana fanampiana manerana ny Fiangonana mba ho entina hamonjena ny kristiana tany Jodia. Nanome fampianarana mazava momba ny fifanampiana ny apostoly Paoly, ka namporisihany mba tsy hanana endrika «fiantrana» izany, fa mety ho tohina ny hambom-pon'ny kristiana tany Jerosalema, raha heverina fa «mahantra noho ny rehetra izy». Azo lazaina fa tokony ho toetry ny asa fanampiana ataon'ny krsitiana rehetra ny toy izany, tsy mitovy amin'ny fanaon'ny «manan-katao» eto amin'izao tontolo izao izay manombina amin'ny ananany mha hanaovany «fiantrana», ka mampitombo bebe kokoa ny fiheveran'ny mpitazana azy. Nolazain'ny apostoly fa atao toy ny asa fanarenana ihany izany fanampiana ny rahalahy sahirana izany, ka tanterahina miainga avy amin'ny fahatsapana fitovizana (principe d'égalité) eo amin'ny rehetra. Hoy izy, hoe : «Kanefa tsy ny hahatonga fitsaharana amin'ny sasany ary fahoriana aminareo no *anaovako izany,* fa ny mba hisy fitoviana, ka amin'izao ankehitriny izao ny haben'ny harenareo *no hahafaka* ny alahelon'ireo, ary ny haben'ny haren'ireo kosa *no hahafaka* ny alahelo ny alahelonareo, mba hisy fitoviana, araka ny voasoratra hoe : „Ny *nanangona* be tsy nanana amby, ary ny *nanangona* kely tsy nanana ny tsy ampy"»[15]

Raha namaly i Jesoa Kristy ny fanontanian'i Jaona mpanao batisa hoe : «Ianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika ?», dia nanambara hoe : «Mandehana ianareo, ka ambarao amin'i Jaona izao renareo sy hitanareo izao : Mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa ; diovina ny boka, ary malady ny marenina ; atsangana ny maty, ary *ny malahelo dia itoriana ny filazantsara.*»[16]Io tenin'ny Tompo io dia azo raisina ho famaritana ny atao hoe asa misiona (La Mission) izay tanterahin'ny Fiangonana kristiana rehetra. Ny fitoriana ny filazantsara amin'ny malahelo dia arahin'ny fanaovana asa fanampiana azy ireo, mampahatsiaro ny nambaran'ny Tompo koa ny amin'ny olona mba niseho ho mpanaraka Azy ihany kinanjo holaviny any am-parany fa tsy fantany akory[17]. Jakoba dia mampieritreritra ny mpino, hoe : «Raha misy rahalahy sy anabavy tsy manan-kitafy sady tsy manan-kohanina isan'andro, ka misy aminareo manao aminy hoe : Mandehana amin'ny fiadanana, mamindroa, mivokisa, kanefa tsy omenareo azy tsinona izay tandrifiny ho an'ny tenany, inona moa no soa azo amin'izany ? »[18] Avy amin'ny fandinihana ireo teny ireo no niteraka ny asa fanampiana nataon'ny kristiana. Tsy nisaraka mihitsy ny asa fitoriana ny Filazantsara sy ny asa fanasoavana. Tany aloha, dia tena andraikitry ny Fiangonana manokana mihitsy ny fanaovana izany, fa taty aoriana vao noraisin'ny fanjakana tsikelikely an-tanana ireo asa ireo, fa nanampy azy ny fikambanana tsy miankina isan-karazany ary ao koa ny Fiangonana (œuvres caritatives).

Ahoana no fomba tokony hiainan'ny Kristiana ankehitriny ao amin'ny Fiangonana ny fifanampiana ? (Comment vivre actuellement dans l'Église le principe de solidarité ?)

Ny endrika **fiaraha-mientana sy fifanampiana (solidarité**) voalohany tokony asehon'ny Kristiana ao am-piangonana **dia amin'ny alalan'ny fandoavana ny adidy arotsaka ho an'ny Faritany aloha, ary ho an'ny Foibe, mba ho enti-manana ny fampandehanan-draharaha ankapobeny eo amin'ny Fiangonana, sy ho an'ny Fiombonam-piangonana** koa (FPF,ARM,LWF,KEK, sns.)

Ny fandoavana latsakemboka (cotisations, cibles) dia hikendrena indrindra mba hisian'ny fifamenoana eo amin'ny ataon'ny tsirairay sy ny Fiangonana tsirairay ho enti-manampy ny hafa. Eo anivon'ny Faritany, ohatra, dia fantatra mazava tsara fa tsy mitovy ny habe sy ny tanjaky ny tafo tsirairay mikambana ao. Mety hanampy ny sahirana kokoa amin'ny fandraisana andraikitra hampandrosoana ny tafo sy ny faritany izany fifamenoan'ny latsakemboka aloan'ny tsirairay izany. Tsy afaka miantoka na manafatra mpiasa avy amin'ny alalan'ny tenany manokana ny tafo iray, fa ny fifanampiana eo anivon'ny Faritany no hanaovany

[14] *Matio 23, 14.* Marihina fa ao amin'ny baiboly protestanta malagasy mahazatra antsika dia latsaka tsy tafiditra ery ambony ao anatin'ny lahatsoratra io andininy io, fa napetraka ery amin'ny vodi-pejy (note de bas de page).
[15] *II Korintiana 8, 13-15.* Efa soramandry ao amin'ny baiboly ireo, fa nadikanay fotsiny.
[16] *Matio 11, 4-5.* Izahay no nanao soramandry ny tapany farany amin'ny andininy faha-5.
[17] *Matio 7, 22-23 ; 25, 41-45.*
[18] *Jakoba 2, 15-16.*

izany. Ny adidy arotsaka ho an'ny Foibe dia hiantohana ny fampandehanan-draharaha rehetra, manomboka amin'ny famelomana ny mpiasa iombonana matihanina, ary mitohy amin'ny fiantohana lojistika ho enti-manana ireo fihaonana samihafa (fivorian'ny Sampana iraisana, Vaomiera iraisana, Sampan-draharaha iraisana, Komity Maharitra, Birao Foibe, Zaikabe iraisana, Synôda Lehibe). **Tsy mbola nampiharintsika tato amin'ny FPMA hatramin'izao ny fomba fanao eo anivon'ny vondrom-piangonana samihafa sy efa ampiharin'ny Fiangonana any Madagasikara eo anivony, momba ny *péréquation* eo amin'ny fiantohana ny saran-dalan'ny mpivory manatrika ny fihaonambe nasionaly. Ampitoviana ny tokony ho saran-dalana aloan'ny tsirairay avy, na lavitra na akaiky, mba hahafahana mampifameno ka tsy hahatsiarovan'ny miainga avy lavitra ho mandany bebe kokoa raha te hamonjy ny fivoriana izy**. Tsaroan'ny rehetra eo amin'izany ny fiombonana aina sy ny fifanampiana.

Ny adidy arotsaky ny Fiangonantsika ho amin'ny Fiombonam-piangonana dia mifameno amin'ny ataon'ny Fiangonana hafa koa, ka manjary hahafahana maniraka mpitory ny Filazantsara any amin'ny toerana lavitra mila izany (mission); mety koa hanampy ilay fiangonana kely any lavitra any hanorina trano fiangonana ho azy ; mety ho fanampiana koa ho an'ny lojistika tahaka ny hita eo anivon'ny Fiangonana tsirairay, fa manjary mivelatra ho amin'ny Fiombonam-piangonana kosa indray. **Isaky ny mandrotsaka rakitra ianao, na mandoa ny adidinao amin'ny maha-mpikambana anao (mpandray ny Fanasan'ny Tompo) dia tadidio mandrakariva tsy maintsy misy ampahany be ho entina manatanteraka fifanampiana izany, na dia tsy noeritreretinao ho izany mihitsy aza tany aloha.** Izany no iray amin'ny hevitra fonosin'ny fanekena isaky ny manonona ny Fanekem-pinoana isika hoe :«*Mino ny fiombonan'ny olona masina aho*». Ny «olona masina» dia tsy ny maty fa ny velona mifanohana.

Hatramin'ny nisian'ny Lalàna nanasarahana ny Fiangonana sy ny Fanjakana taty Frantsa (nanomboka tamin'ny taona 1905) dia navondrona ho «Associations Cultuelles» ny Fiangonana (navahana tamin'ny «Associations culturelles»), tsy nomena alalana intsony hanangom-bola afa-tsy ho an'ny fampandehanana ny raharaha mikasika mivantana ny fanompoam-pivavahana ihany, fa tsy mahazo manangom-bola ho an'izay mikasika ny fiainan'ny olona mivantana, sy ny momba ny fiaraha-monina ary ny ara-kolotsaina (les Églises ne doivent financer que ce qui concerne le culte et non de l'humanitaire, du social ou du culturel). Raha te hirotsaka amin'ireo sehatra «voarara» ireo ny Fiangonana, dia voatery manangana fikambanana izay fehezin'ny lalàna rehetretamin'ny taona 1901 mifehy ny «associations» rehetra. Samy mifofotra manangana fikambanana ho azy manokana ny ankamaroan'ny olona, ho «fiantrana» ; kanefa matetika dia fikatsaham-boninahitra sy fitodihana amin'ny fanomezana fahafaham-po ny tena no hita mahazo vahana betsaka. Voalazantsika tany aloha ny hadisoam-panantenan'ny olona ampiana, fa matetika tsy tafapaka mivantana any aminy akory ny fanomezana nangonina fa very eny antenantenan-dalana.

Santionany amin'ny fikambanana natsangan'ny Fiangonana, ohatra, ny « Secours catholique»,«La Cause», «Œuvres de Saint Jean», «L'Action sociale Évangelique (ASEV)», ny « Service d'Entraide et de Liaison (SEL)», «Cimade», sns., izay samy manampy mivantana ireo sahirana, tsy ny eto an-toerana ihany, fa hatrany am-pitandranomasina. Tsy mikendry hifaninana amin'ny ataon'ny hafa ny Fiangonana, fa **tena fijoroan'ny Fiangonana amin'ny fanatanterahany ny andraikitra maha-mpaminany azy (action prophétique) ny mitari-dalana mandrakariva sy miseho ho marika ho tahafin'ny hafa.**

4. Ny Fanaovana adidy diami fotoraamin'ny fahatsiarovantena handray andraikitra (***Principe de responsabilité***)

Raha andrasana fotsiny hanome amin-kalalahana hatrany «araka izay inian'ny fony» ny olona rehetra, dia tsy azo odian-tsy hita ny fahasahiranana lalovan'ny fampandehanana ny raharaham-piangonana. Toe-tsaina sarotra alàna fa mahazo vahana eo amin'ny ankamaroan'ny olona ny tsy manome afa-tsy izay heveriny fa tsy hanohintohina ny ilainy ho enti-manana ny fiainany manokana. Sarotra amin'ny mpandraharaha ara-bola sy ny tompon'andraikitra isan-tokony ny manangana teti-bola. Eo amin'ny fanaovana teti-bola mantsy, dia ny asa sy ny tanjona kendrena ho tratrarina no iaingana. Tsy ny olona manome, na dia eritreretina tsara ihany aza izy ireo, no omena lanja be dia be, fa ny fomba hampiasana izay omen'izy ireo. Ny Tompo Jesoa Kristy dia nanao fanoharana mahakasika izany raha nilaza ny tokony ho toetry ny mpianany Izy : «Fa iza moa aminareo, raha ta hanao tilikambo, no tsy mipetraka aloha mihevitra izay ho lany hanaovany izany, na misy hahavitany azy na tsia ? fandrao, rehefa nanao ny fanorenana izy ka tsy mahavita, dia handatsa azy izay rehetra mahita ka hanao hoe : Io olona io nanomboka nanao trano fa tsy nahavita.»[19] Zava-misy iarahantsika mahita ny fisian'ny fikambanana (na fiangonana akory aza) manana mpikambana betsaka, kanefa tsy mahavita zavatra satria tsy manana omena na tsy mahafoy vola amin-karena ho enti-manao ny asany ny olona ao anatiny. Fa misy koa, etsy andanin'izany, ny fahavitsian'ny olona ao amin'ny fikambanana na fiangonana iray, kanefa mahavita asa lehibe izy ireo. Zava-dehibe ny faharesen-dahatra sy ny fahatsiarovantenan'ny olona handray andraikitra, ka hanome «araka izay inian'ny fony», kanefa «tahaka ny nahazotoana fony nikasa, dia tahaka izany koa

[19] *Lioka 14, 28.*

ny hahatanterahana araka izay ananana. Fa raha misy ny fahazotoana, dia araka izay ananana no ankasitrahana fa tsy araka izay tsy ananana.»[20] **Ny fanomezana rehetra ataontsika ao ampiangonana dia tsy angonina mba hotehirizina fotsiny, fa natao hampiasaina mba ho enti-manana ny asan'ny Fiangonana, ary maneho fahatsiarovantena hanao adidy tokony hataontsika izany** (prise de conscience d'une responsabilité). Hamafisina fa miainga amin'ny fahatsiarovantena ny fanaovana izany, ka eo no mila fampianarana sy fanentanana mba hahatonga faharesen-dahatra sy finiavana.

Tao amin'ny **Testamenta Taloha** dia efa nisy fampahatsiarovana hanao adidy ho enti-manana ny asan'ny Fiangonana teo amin'ny Zanak'Isiraely. Nifototra indrindra tamin'ny fandoavana ny fahafolon-karena izay efa voalazantsika teo aloha izany. Io fahafolon-karena io no niantoka ny fiveloman'ny levita sy ny mpisorona izay niasa tao amin'ny tempoly. Teo koa ny hetra samihafa naloa, hanampy amin'ny fampandehanan-draharaha (fikarakarana ny tabernakely)[21] sy ho enti-manana ny fanampiana ireo mahantra sy sahirana. Niankina tanteraka tamin'ny adidy naloan'ny olona ireo Levita, koa rehefa nivaky roa ny fanjakana taorian'ny nahafatesan'i Solomona mpanjaka, ka notarihan'i Jeroboama mpanjaka hiala tsy hankany amin'ny tempoly tany Jerosalema intsony ny Isiraely tao Avaratra, dia maro tamin'ny Levita no nifindra monina nanatona nankany Atsimo (jereo *II Tantara 11, 14*).

Taorian'ny fiverenanana avy tamin'ny fahababoana dia nitaraina sy namarika ny mpaminany Hagay fa samy revo nanorina ny tranony indray ny olona ka nanjary nanamaivana ny asa sy adidy tokony atao momba ny tempoly (jereo *Hagay 1, 2-4*). Ny mpaminany Malakia koa, araka izay efa voalazantsika tary aloha, dia niezaka namerina sy nampahatsiaro ny olona ny tokony handoavana ny fahafolon-karena ho enti-manana ny asa ao amin'ny tempoly sy ny fiveloman'ireo Levita. «Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah Tompon'ny maro, taha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako ny fitahiana manana amby ampy ho anareo.»[22] Mila fitandremana kanefa ny tsy handraisana ara-bakiteny sy hamindrana avy hatrany amin'ny andro ankehitriny io teny io, -toy ny fanaon'ny antokom-pinoana sasany-, satria manjary mampanantena «tambiny» amin'ny olona eo amin'ny fanatanterahana ny asan'Andriamanitra. Manjary alaim-panahy manko ny olona hihevitra fa rehefa tsy mahazo soa amin'Andriamanitra aorian'ny fanaovany ny adidiny izy, dia manjary tonga araka ny oha-pitenenantsika malagasy hoe :«miasa jamba rafozana.»

Misy mampieritreritra ary mametraka hafatra maharitra tsara ho fandiniky ny mpivavaka rehetra mandraka ankehitriny kanefa ny tenin'Andriamanitra nampitondrainy io mpaminany io. Matetika manko dia hamaivanin'ny olona, rehefa misy maharevo azy na heveriny ho misy laharam-pahamehana kokoa hafa eo amin'ny fiainany, ny fanatanterahana ny adidy ho amin'ny asan'Andriamanitra. Misy koa ny manao fanahy iniana maka fanahy an'Andriamanitra ary toa manaraoraotra ny famindrampon'Andriamanitra tsy mamaly ny olona avy hatrany araka ny ataony. Kanefa tsy tokony adinoina na oviana na oviana fa Andriamanitra no loharanon'ny zavatra rehetra, ka raha tsy misy fitahiana sy fanampiana avy amin'Andriamanitra dia zava-poana ny ezaka rehetra mety hataon'ny olona. Jesoa Kristy dia efa nampisaina ny olona, teo amin'ny fampianarana nataony tany an-tendrombohitra, hoe : «Ary iza ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiainany na dia kely monja aza ?»[23] Hoy ny hafatra nampitondrain'Andriamanitra ny mpaminany, hoe : «Ny zanaka manaja ny rainy, ary ny mpanompo ny tompony ; koa raha Ray Aho, aiza izay hajako ? ary raha Tompo Aho, aiza izay tahotra Ahy ? hoy Jehovah, Tompon'ny maro, aminareo, ry mpisorona, izay manamavo ny anarako, nefa manao hoe : Amin'inona no anamavoanay ny anaranao ? Amin'ny fitondrana hanina voaloto ho eo amin'ny alitarako. … fa lehibe any amin'ny jentilisa ny anarako, hoy Jehovah, Tompon'ny maro. Fa ianareo kosa manamavo izany amin'ny fanaovanareo hoe : Voaloto ny latabatr'i Jehovah, ary ny haniny aterina eo dia tsinontsinona. Hoy koa ianareo : Tsy mba hasasarana lahy ! ary ikifonanareo izany, hoy Jehovah Tompon'ny maro ; entinareo ny nalaina an-keriny sy ny mandringa sy ny marary, ka dia aterinareo ho fanatitra ; moa ta-handray izany amin'ny tananareo va Aho ? hoy Jehovah. Fa voaozona ny mpamitaka, izay manana ondrilahy ao amin'ny ondriny, ary mivoady, nefa mamono zavatra misy kilema hatao fanatitra ho an'ny Tompo.»[24] Tsy bado na adala akory Andriamanitra, ka izay efa tsy tian'ny olona sy tsy ilainy eo amin'ny fiainany intsony no atolony Azy, dia hihevitra iozy fa ankasitrahan'Andriamanitra izany. Endriky ny fihatsarambelatsihy sy tsy fahatsiarovana andraikitra ny fanaovana toy izany. Tsy fampitahorana akory, fa fampisainana lalina ho an'izay manao kitoatoa, ny voalazan'ny Epistily hoa n'ny Hebreo, hoe : «Fa raha minia manota isika rehefa nahazo fahalalana tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsarana ary fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra kosa… Zava-mahatahotra ny ho azon'ny tanan'Andriamanitra velona.»[25]

[20] *II Korintiana 8, 11-12.*
[21] *Eksodosy 30, 13*
[22] *Malakia 3, 10*
[23] *Matio 6, 27*
[24] *Malakia 1, 6-7, 11-14.*
[25] *Hebreo 10, 26-27,31*

Ireo fanangonana fanampiana manokana ho fandraisana andraikitra eo amin'ny asan'ny Fiangonana, araka izay hitantsika ao amin'ny Soratra Masina.

Misy sehatra roa nila fandraisana anjara ho enti-manana azy teo amin'ny fivavahana jiosy : ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny tempoly izay mahasahana ny fiveloman'ny mpisorona sy ny levita, ary ny fikojakojana ny trano sy ny fanaka.

Ny sehatra voalohany : fampandehanan-draharaha sy fiveloman'ny mpiasa matihanina, dia tamin'ny alalan'ny fahafolon-karena voalaza teo no nanaovana izany, araka ny Testamenta Taloha.

Fa araka ny Testamenta Vaovao kosa indray dia fandraisana anjara mivantana nataon'ny kristiana no namelona ireo olom-boantso nanatanteraka asa fanompoana «matihanina» teo amin'ny Fiangonana. Tsy mba tahaka ny mpisorona sy ny levita teo amin'ny Zanak'Isiraely izay nolovana nentim-paharazana ny asa fanompoana (ministère héréditaire), fa tamin'ny Kristiana kosa dia tena antson'ny Tompo manokana tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina no nahatonga ny mpiasam-piangonana, ary nankatoavin'ny Fiangonana izany fiantsoana izany. Nitsinjara ho maromaro ireo asa fanompoana ireo, araka ny Testamenta Vaovao : ny *apostoly,* ny *loholona,* ny *evanjelistra,* ny *mpampianatra* ny *iraka.* Mampahatsiaro izay nambaran'i Lotera taty aoriana momba ny asam-piangonana, fa indrindra momba ny mpitandrina izany, hoe : «Le ministère pastoral est à la fois un métier et une vocation.»

Fa efa nisy kanefa, ny toa mizana mitanila teo amin'ny fanampiana, fa ireo «ambany maso sy hitan'ny olona mivantana teo anivony» (ireo apostoly tamin'izay fotoana izay) dia voatsinjo tsara izy ireo sy ny vady aman-janany. Fa ireo niasa mafy kosa, kanefa tsy mba niara-nonina tamin'ny olona noho ny andraikiny tsy nampitoetra azy teo amin'ny toerana maharitra. Tamin'ny taratasy nalefany ho an'ny Korintiana dia nampahatsiaro ny tsy tokony hanaovana «toa mizana mitanila» toy izany ny apostoly Paoly. Tena mitaky ny zony mihitsy izy, fa hoy izy hoe :

«Moa tsy mahazo mihinana sy misotro va izahay ? Moa tsy mahazo mitondra vady izay isan'ny mino va izahay, tahaka ny Apostoly sasany koa sy ny rahalahin'ny Tompo ary Kefasy ? Sa izaho ihany sy Barnabasy no tsy mahazo mitsahatra tsy miasa ? … Fa voasoratra eo amin'ny lalàn'i Mosesy hoe :„Aza manakombona ny vavan'ny omby mively vary"(Deot. 25. 4). Ny omby va no ahin'Andriamanitra ? Sa noho izahay mihitsy no nanoratana izany, satria izay miasa tany dia tokony hiasa amin'ny fanantenana, ary izay mively vary dia tokony hively amin'ny fanantenana hahazo. Raha izahay namafy izay zava-panahy ho anareo, dia zavatra lehibe va raha mba mijinja izay ananareo araka ny nofo kosa izahay ? Raha ny hafa aza manana izany fahefana izany, tsy mainka va fa izahay ? … Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin'ny zavatra masina dia mihinana ny zavatry ny Tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara dia miombona amin'ny alitara ? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo, fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara.»[26]

Tsy vitsy amin'ny mpanompon'Andriamanitra ankehitriny no «mitaraina» tahaka izay ataon'ny apostoly Paoly eo, satria hamaivanin'ny olona ny fanomezana ny «fivelomana» tokony ho azy, kanefa mitaky asa be dia be aminy ny olona.

Efa namboarin'ny Fiangonana ny fomba filaza azy, fa tsy natao hoe «karama» fa namboarina hoe «fivelomana» no omena ny mpiasam-piangonana matihanina. Kanefa, tena «mahavelona» tokoa va izany, sa mety ho fandosirana ny fandraisana andraikitra araka ny tokony ho izy ?

Fa ny sehatra faharoa : ny fikojakojana ny trano sy ny fanaka kosa dia matetika no nangatahana fanampiana mivantana, na «vonjy rano vaky» araka ny filazantsika azy ankehitriny, ny fanatanterahana izany. Raha vao nanangana ny Tabernakely i Mosesy teny an-dalana avy tany Egypta, dia nangataka tamin'ny Zanak'Isiraely mba hanome avy tamin'ireo firavaka sy fanomezana nomen'ny Egyptiana azy ireo teo am-piaingana, mba ho enti-manana ny fananganana izany Tabernakely izany (vakio *Eksodosy 25, 1-2*).

Davida mpanjaka sy Solomona zanany izay nandimby azy dia nanangona vola sy fitaovana mba ho enti-manana ny fanorenana ny tempoly (vakio *I Mpanjaka 5, 15 -6, 38*).

Rehefa tafaverina avy tany amin'ny fahababoana ny Jiosy tamin'ny fanafahana nataon'i Kyrosy mpanjakan'ny persiana, dia nahazo fanampiana an-tsitrapo avy amin'ny olona, araka ny fanentanan'ny mpanjaka ; ary nasain'ny mpanjaka naverina ho azy ireo koa ny fanaky ny tempoly izay nentina ho babo tamin'ny andron'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona (vakio *Ezra 1, 4-8*). Fa rehefa tonga tany Jerosalema izy ireo, dia nanangona vola sy fitaovana ho enti-manangana indray ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny tempoly. Voalaza mazava tsara fa izy ireo «…nanatitra tamin'ny sitrapo hananganana ny tranon'Andriamanitra eo amin'ilay efa niorenany. Nanome araka izay nananany avy izy hanampy ny vola voavory hanaovana ny asa…[27]»

Hatramin'ny taloha ka mandraka ankehitriny dia mifameno mandrakariva ny filan'ny Fiangonana fitaovana fampiasa sy fananana ara-bola, etsy andaniny, ary trano sy mpiasa, etsy ankilany. Miainga avy amin'ireo no hanaovana ny teti-bola. Miankina be dia be amin'ny zavatra ilaina sy ny tetikasa ny fananganana teti-bola, ary mitaky fahatsiarovana andraikitra eo amin'ny tsirairay, *rehefa*

[26] *I Korintiana 9, 4-6,9-12,13-14.*

[27] *Ezra 2, 68-69*

mahatsiaro tena tokoa izy fa mpiombona aina, mpikambana feno, tompon'andraikitra, vahoakan'Andriamanitra miray amin'i Kristy Loha sy Tompon'ny Fiangonana, fa tsy mpitazam-potsiny. Misy tokoa, fa tsy azo odian-tsy hita, ny olona te hanao ny Fiangonana ho fitaovana ho amin'ny tombontsoany manokana. Mety ho sehatra hitadiavam-pahefana sy voninahitra ivelany ny Fiangonana ho an'ny toy izany. Tsy manome ho an'ny Fiangonana ny olona sasany raha tsy mahazo fankasitrahana manokana sy fanahidrahidrana tahaka ny hoe tsy velona ny Fiangonana raha tsy misy azy. Tsy miainga amin'ny fahatsiarovana andraikitra sy fitiavana ny asa ataony, fa filan-dera, hany ka tsy mampaninona azy akory ny mampifilafila sy manao fampitambazana tsy hampandeha ny asan'ny Fiangonana. Tsy misaraka amin'ny karazan'olona toy ireny ny fireharehana sy fanambaniana ary fitsaratsarana ny hafa, tahaka izay nataon'ilay mpanan-karena nandatsa-drakitra tao amin'ny fandatsahan-drakitra, kanefa tsy mba nahazo sitraka tamin'ny Tompo Jesoa (vakio *Lioka 21, 1,4*). Manan-karena olona kanefa Andriamanitra, ary mankasitraka izay manao amim-pitiavana sy amin'ny fanolorantena tokoa. «Ny mpanome amin'ny fifaliana no tain'Andriamanitra»[28], hoy ny Soratra Masina.

Rehefa mankato ny teti-bola ao amin'ny Fiangonana ny mpikambana dia toy ny manao fanekena fa handray ny andraikiny hanefa izay ilaina amin'izany. Ao anatin'ny **Faneken'ny Diakona** rahateo ny fandraisana andraikitra ihany koa hanentana ny vahoakan'Andriamanitra hanefa ny adidiny (***Fanekena faha-5*** **: angamba tokony amboarina kely io, fa tsy ny adidy ara-bola ihany no tokony hatao fa ny adidy rehetra miainga avy amin'ny fahatsiarovantena sy fanolorantena hanao ny asan'Andriamanitra**).

Mbola maro ny Fiangonana no mialokaloka amin'ny *bénévolat* ka tsy marisika handray andraikitra amin'ny fanampiana ny mpiasan'Andriamanitra. Any Madagasikara dia nasiana Fitsipika mihitsy eo amin'ny Fiangonana FJKM mba tsy hahafahan'ny fiangonana mialokaloka amin'ny fampiasana maharitra mpianatra ho mpitandrina sy mpitandrina efa misotro ronono hanao ny asa fitandremana. **Mila fitaizana ny vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana hiroso tsikelikely amin'ny fananana mpitandrina matihanina**. Mila fanamboarana koa kanefa ny toe_tsaina tsy hihevitra fa satria «karamaina» ny mpiasa dia azon'ny Fiangonana fehezina amin'izay tiany hampiasana azy. Tsy tokony hanadino na oviana na oviana isika fa an'Andriamanitra ny Fiangonana. Hoy ny apostoly Paoly manamafy izany fampahatsiarovantena izany hoe : «Fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra izahay ; ary sahan'Andriamanitra sy trano arafitr'Andriamanitra ianareo.»[29] Tsy azo lavina fa ny Fiangonana vao miorina dia mila fotoana hitomboana sy hahamasahana ara-panahy, mba hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hahatsiaro tena sy ho tena tompon'andraikitra feno amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra araka ny adidy nomena azy hotanterahiny.

FEHINY

❋ FAHADISOAN-KEVITRA (***erreurs théologiques et pratiques***) **efatra** (4) **mila sorohina eo amin'ny fanaovana adidy ao am-piangonana** :

1. NY FIHEVERANA MIVIDY NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA (antsoina hoe «***Simonie***»)

Nalaina avy amin'ny tantaran'i Simona tao Samaria izay nanao ody sy nanao azy ho zavatra, kinanjo mba niova fo rehefa nitorian'i Filipo ny filazantsara. «Fa Simona nony nahita ny fametrahan'ny apostoly Petera sy Jaona tanana no nanomezana ny Fanahy Masina, dia nitondra vola homena azy ka nanao hoe : Omeo izany fahefana izany koa aho,mba handray ny Fanahy Masina izay olona hametrahako tànana»[30]. Midika ankehitriny ny «simonie»ny fiheverana ny fividianana ny sakramenta, ny fahasoavana samihafa raisina avy amin'Andriamanitra. Mazava tsara kanefa ny tenin'ny Tompo Jesoa, hoe :«Efa nahazo maimaimpoana ianareo, ka manomeza maimaimpoana »[31].

►Endrika isehoan'ny «simonie» matetika ny fanidrahidrana olona mahavita be eo amin'ny fandoavam-bola ao am-piangonana ho hany tompon'ny fiangonana sy mamelona azy (ka odian-tsy hita ny ataon'ny sasany manao kelikely kokoa, kanefa amin'ny fony sy ny fitiavany tokoa), hany ka miteraka fireharehana sy fiheveran-tena ho zavatra ka mahatonga fanjakazakana sy fampanjakana ny hevitry ny manna-katao ihany eo amin'ny asam-piangonana.

► Endrika hafa mbola isehoan'ny «simonie» koa ny toe-tsaina fehezin'ny fahazoana fahafaham-po ho an'ny tena manokana no mampaharisika hanao adidy. Rehefa heverina fa mandokadoka na manome vahana ny hambom-po kely tsaroan'ny tena ny toriteny, dia malala-tanana kokoa hanome ho amin'ny asam-piangonana, fa mikombona kosa rehefa mahatsiaro fa voatohintohina ny tena eo anatrehan'ny teny

[28] *II Korintiana 9, 7*
[29] *I Korintiana 3, 9*
[30] *Asan'ny apostoly 8, 18-19*
[31] *Matio 10, 8*

torina. Mila fitandremana koa kanefa etsy andanin'izany ny mpitoriteny mba tsy hanampatra ny fahefany ka hanodinkodina ny tenin'Andriamanitra ho amin'ny tanjona manokana kendrena ho azo. Mbola hiverenantsika io etsy aoriana amin'ny firesahana ny fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodina sain'olona. Fa indraindray koa, misy ilay fomba fiteny ampiasain'ny olona hanentanana, kanefa tena diso ara-pinoana tanteraka, dia ny hoe : «*ny adidy vita, ny fahafinaretana azo*». Dokam-barotra tsotra izany fa tsy fampahatsiarovan-tena hanao ny asam-piangonana mihitsy. Rehefa hitady vola fotsiny no tanjona fa tsy mikendry ny fiainam-panahy dia azo ampiasaina izany, fa tsy tokony ampifangaroina mihitsy ny tokony hatao. Tsy ny fahatsaran'ny hiran'ny antoko mpihira, na ny hakanton'ny zava-maneno tendren'ny mpanakanto akory no vidiana, fa tokony omena lanja kokoa ny finoana fa fahasoavana sy talenta nomen'Andriamanitra izany, ka tsy hitadiavan-tombony fa mba hanehoana fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra.

⇨ **Ahoana izany ny fandraisan'ny Fiangonana ny volan'ny jentilisa mba ho entiny manao ny asany ?**

Endrika isehoan'ny fampiharana izany ny hoe : **Raha misy tsy kristiana manome fanomezana ho an'ny Fiangonana, azo raisina ve izany ?**

- Misy aloha ny fanampiana mety ataon'ny fanjakana na fikambanana tsotra amin'ny asa fanasoavana ataon'ny Fiangonana (subvention) izay tsy misy fanavahana fa atao ho an'ny fikambanana rehetra. Fandraisana anjaran'ny jentilisa mety mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Tompo ihany izany, araka ny voalazany hoe : «Ary hoy Izaho aminareo : aoka ny mamôna tsy marina ho entinareo mahazo sakaiza, mba horaisinareo any amin'ny fonenana mandrakizay ianareo, rehefa lany izany.»[32]

- Fa misy koa olona manokana manao fanomezana ho an'ny asan'ny Fiangonana. Raha fitiavana fotsiny izao noho ny fahatsiarovantenany te hanampy, na vahiny sendra nandalo izy ka voaentana hanao zavatra hanasoa ny fiangonana araka ny nahimpony, dia tsy mampaninona izany. Fa raha mikendry zavatra hafa, na mifono «avonavom-po» mbamin'ny «fitia haneho fifaninanana hisehoana ho mahavita bebe kokoa noho ny kristiana», dia tsy hahafaty antoka mihitsy ny mandà tsotra izao tsy handray izany. Matetika koa dia mety ho fomba fampanginan'ny olona sasany ny feon'ny fieritreretany noho ny fomba tsy mety nataony hanangonany harena ny fanaovany asa soa na fanampiana ny Fiangonana. Adidy tokony horaisina ny fitaizana azy hibebaka sy hiverina amin'Andriamanitra, tahaka izay nananaran'ny apostoly Petera an'I Simona tao Samaria. ☚

► Fa mbola azo lazaina ho fitaizana ho amin'ny «simonie» ihany koa ny vavaka «fisolokiana» ataon'ny sasany, aorian'ny fanatazana rakitra na fanangonana vokatra ao am-piangonana, milaza hoe : «Enga anie mba honeran'Andriamanitra folo heny, zato heny,sns. izay nataonareo ho an'ny asany». Tahaka ny varotra hifanaovana amin'Andriamanitra hahazoana tombony izany asa atao ho an'ny Fiangonana izany, ary fampanantenana diso hamitahana ny vahoakan'Andriamanitra sy fanodinkodinana ny saina mandeha amim-pahatsorana (manipulation psychologique) manafoana ilay fitiavana nanetsika ny olona hanao zavatra. Fiheverana an'Andriamanitra ho bado sy azo fetsifetsena koa izany, ka hanome sandany ambony ho setrin'ny kely naloan'ny olona. Tena fanodinkodinan-kevitra sy mifanohitra tanteraka amin'ny voalazan'ny Soratra Masina izany, araka ny voasoratry ny apostoly Paoly hoe : «Fa izao *no lazaiko* : izay mamafy kely dia kely no hojinjany ; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany. *Aoka* ny olona rehetra samy *hanao* araka izay inian'ny fony avy, tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena ; fa "ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra". Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hananareo ny onony mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, ka hitombo amin'ny asa tsara rehetra.»[33]

2. Nyfanomezandanjatafahoatranylalànasasiny Fitsipika (***Légalisme***)

Fahadisoana lehibe faharoa tokony hosorohina eo amin'ny fanaovana adidy ao am-piangonana koa io.

► Ny antsoina hoe «légalisme» na fanomezan-danja tafahoatra ny lalàna sy ny Fitsipika dia fanarahana ara-bakiteny ny lalàna natsangana sy ny Fitsipika araka ny voasoratra, fa tsy voahevitra ny tena hevi-panahy fonosin'ny nananganana izany (s'attacher à la lettre à la Loi et aux Règlements Intérieurs sans en tenir l'esprit). Efa voalaza teo aloha fa misy fiangonana sasany manangana fitsipika mihitsy mametra fa tsy azo tanterahina ny asa pastoraly ho an'ny kristiana mpikambana ao, raha tsy mahavita ny adidiny ara-bola ao amin'ny fiangonana izy. Raha toa ka miainga amin'ny fitaizana eo am-piandohana izany, ho fampahatsiarovantena sy ho famporisihana ny olona handray andraikitra sy hahatsiaro fiombonana aina, dia tsy maninona. Fa raha atsangana ho fitsipika hentitra sy takiana ho tsy maintsy ankatoavina izany, ary averimberina lazaina foana ao am-piangonana, dia tsy mety fa mitarika ho tonga amin'ny «simonie» voalaza tetsy aloha, ary mahatonga koa ny antsointsika hoe «fahateren-tsaina»(fefena ao anaty fisainana ny lalàna sy fitsipika avokoa ny zavatra rehetra, fa tsy misy fivelaram-pisainana mihitsy hahatonga famoronan-javatra vaovao, hany ka voahidy ao anatin'ny « efa mahazatra» mandrakariva). Vato misakana ny fandraisan'ny olona ny vaovao mahafaly mitory famonjena sy fahasoavana maimaim-poana izany, fa mampitodika ny olona ho amin'ny tenany sy fiheverana fa mandray anjara amin'ny famonjena ny tenany izy, ary miteraka fihatsarambelatsihy. Jesoa Kristy dia niteny mafy ireo Fariseo sy mpanora-dalàna, hoe : «Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo mpihatsaravelatsihy! Fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta

[32] *Lioka 16, 9*

[33] *II Korintiana 9, 6-8*

ary ny komina ianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana : ireto tokony ho nataonareo, kanefa tsy tokony havelanareo ireroana.»[34] Tsy mamaha ny lalàna sy ny Fitsipika mihitsy ny Tompo. Hoy Izy hoe :« Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka. … Fa lazaiko aminareo : Raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.»[35]Ny fanaovana araka ny Fitsipika dia tena ilaina, kanefa tsy henjanina mba hisehosehoana izany ny hafa, fa tokony ho amin'ny fitiavana sy fitsinjovana ihany koa ny namana (charité et tolérance).

⇨ Fanontaniana mitsangana ho azy ny hoe : ***inona no fomba ekena ho azo ataon'ny Fiangonana mba hitadiavam-bola ?***

Marihina fa misy «Fitsipika» atsangan'ny Fiangonana mba ho fiarovana ny fahamasinan'ny Fiangonana sy hisorohana ny fifanafintohinana mety hiteraka fifampiandaniana eo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra. Mazava ny tenin'ny Soratra Masina nambaran'ny apostoly Paoly fony izy nananatra ny Korintiana tsy ho azon'ny fakam-panahy hanaram-po araka ny nofo ka ho tratry ny loza. Hoy izy hoe : «Ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa ; ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso. Aoka tsy hisy olona hitady ny hahasoa ny tenany, fa ny hahasoa ny namany. … Fieritreretana, hoy izaho, tsy ny an'ny tenanao, fa ny an'ny olon-kafa ; fa nahoana ny fahafahako no dia tsarain'ny fieritreretan'ny olon-kafa ? … Aza manao izay hahatafintohina ny jiosy, na ny jentilisa na ny fiangonan'Andriamanitra, dia tahaka ahy koa manao izay hahafinaritra ny olona rehetra amin'ny zavatra rehetra ka tsy mitady ny mahasoa ahy ihany, fa ny mahasoa ny maro mba hovonjena izy. Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy.»[36] Lanjalanjao tsara hoe : mahasoa ny Fiangonana ve izao atao izao ? Fa aza maka tahaka ny fanaon'ny hafa fotsiny, na maika hitsaratsara izay tsy mitovy hevitra amin'ny tena. Hoy ihany ny apostoly Paoly nananatra ireo Galatiana kristiana sasany fatra-pihenjana tamin'ny heveriny ho fanarahan-dalàna araka ny fombam-pivavahana jiosy nitaizana azy ireo: «Fa efa nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo, ry rahalahy ; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifanompoa amin'ny fitiavana. Fa tanteraka amin'ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao : "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao".»[37] Ny tena fanahin'ny lalàna sy ny Fitsipika eo amin'ny Fiangonana dia ny fitiavana sy ny finoana ary ny fahamasinana. ←

►Fa endrika fanomezan-danja tafahoatra ny lalàna sy ny fitsipika koa (légalisme) ny fiezahana hanaraka an-jambany sy ara-bakiteny izay heverina ho «tenin'Andriamanitra» araka ny Soratra Masina, ka mahatonga fanao mahatsikaiky. Ohatra mampiseho izany ny fahitana olona sasany manao adidy isam-bolana ka voaavaka tsara ny centimes fanampiny (oh : 16 €32 centimes = 1632 euros isam-bolana ny karamany, zarainy folo «mba ho fahafolon-karena. Tokony ho nataony boribory na nampitomboiny izany, fa tsy isehoana ho manaraka ara-bakiteny fotsiny ny voasoratra).

Tsy ny adidy ara-bola ihany no tadiavin'ny sasany hidiana ao anaty fanarahana an-jambany izay heveriny ho fanajana ny lalàna, fa hatramin'ny fotoana sy ny fomba fihetsika ihany koa. Heverina fa malalaka araka ny sitrapon'ny tena amin'ny andro hafa rehetra, ka amin'ny andro voafetra sy «voatokana» ihany no hanaovana ny asan'Andriamanitra.

Misy koa fomba sy fihetsika heverin'ny olona sasany ho «hany mendrika ny kristiana sy ara-pilazantsara». Tsy maintsy mitandro ny fahamasinan'Andriamanitra isika : «Aoka ho masina ianareo, satria masina Aho Tompo Andriamanitrareo»[38], hoy ny Tompo tamin'ny fiangonan'ny Zanak'Isiraely, ary mbola teny manan-kery amintsika kristiana «Isiraely vaovao» koa izany. **Aoka hazava tsara kanefa fa** : Ny fo sy ny fiainana manontolo no takiana ho masina sy hanome voninahitra an'Andriamanitra, fa tsy ny fombafomba ivelany sy ny fisehoana fotsiny ihany. Tena fihatsarambelatsihy eo anatrehan'Andriamanitra ny mandrakotra toe-tsaina sy fomban'izao tontolo izao amin'ny heverina ho fihetsika sy fomba kristiana ivelany fotsiny ihany. Hoy Jesoa Kristy raha nivavaka tamin'ny Rainy ho an'ny mpianany sy ho antsika Izy hoe : « Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary Izaho mankany aminao. … Izaho tsy mangataka Aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin'ny ratsy. Tsy naman'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao.»[39]

3. Ny fanaraotampahefana sy ny fanodinkodinana ny saintsy olona araka izay ilana azy (***abus de pouvoir et manipulation***)

Fomban'ny mpitarika ny sekta izany, ka mahatonga y fanenjehan'ny mpitondra fanjakana azy ireo. **Mila fitandremana tsara isika, fa ny fanjakana raha manadihady mikasika ny fikambanana iray ahiahiany ho sekta, dia ny momba ny fomba fitadiavam-bola sy ny fitantanana no fotoriny lalina.** Hita miavaka tsara, araka ny hita matetika etsy andaniny, ny olona mpivavaka tsotra izay miaina ao anaty fahasahiranana eo amin'ny fiainana andavanandro, kanefa mbola itakiana fandraisana anjara be dia be lazaina aminy fa "asan'Andriamanitra", ary ny mpitarika izay migalabona amin'ny harena sy ny fananana be, etsy ankilany.

[34] *Matio 23, 23*
[35] *Matio 5, 17,20*
[36] *I Korintiana 10, 23,32-33, 1, 1*
[37] *Galatiana 5, 13-14*
[38] *Levitikosy 19, 2*
[39] *Jaona 17, 11,15-16*

► Maro dia maro ny tetika fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodinana ny sain'ny olona tsotra mba hahazoana manery azy an-kolaka handoa vola na hanome fananana, nefa tsy ho amin'ny tena asan'ny Fiangonana akory, fa fitadiavan-tombontsoa sy fanangonan-karena ho an'ny mpitarika :

- Eo aloha ny fampitahorana sy fandresena lahatra amin'ny alalan'ny teny voarindra sy vita lamina tsara mba hanerena an-kolaka ny olona handrotsaka be. *Ohatra* fandre momba izany ny hoe : «Satria tsy manome araka ny tokony ho izy amin'ny "asany" ianareo, dia tsy mandrotsaka ny fitahiany ho anareo Andriamanitra, ka izany no mampahantra anareo.»Iray tarika amin'izany ny fampanantenana hoe «Jesosy Kristy no ala aolana amin'ny zavatra rehetra. Rehefa manome be ho azy ianareo dia honerany be dia be ny natolotrareo ka tsy hanana olana intsony ianareo.»
- Ao koa ny fanaraoraotana ny fahasahiranana mbamin'ny aloka manjombona lalovan'ny olona eo amin'ny fiainany andavanandro, izay omena heviny avy hatrany fa «famaizana avy amin'Andriamanitra» ka tokony hampibebaka amin'ny alalan'ny "fanaovan-tsorona" (sacrifice) hanome mihoatra noho ny tokony homena mba hahafaly an'Andriamanitra. Entin'ny tahotra ny olona ka dia manome. Tena fanaraoraotam-pahefana sy fampahoriana psykolojika (harcelement psychologique) kanefa ny fanaovana izany.
- Fitaka lehibe ataon'ny teolojiana sasany ankehitriny ny «*Théologie de la prospérité*» : ampianarina fa «fahasoavana» ny fananan-karena sy fananana ny ampy, ka «mitaky fibebahana ny fahantrana» fa nateraky ny fahotana.
- Ny fanajan'ny olona ny mpitondra fiangonana izay sokajiany avy hatrany ao anatin'ny «raiamandreny» manana ny toerany ao amin'ny soa toavina nentim-paharazana, dia mampiditra fakam-panahy ho an'ny sasany hanaraoraotra izany ka mahatonga azy hitaky be dia be, ary tsy misalasala manome tsiny sy mitsikera raha sendra tsy mahavita ny olona.
- Fanaraoraotam-pahefana koa ny fanerena ny olona handray ara-bakiteny ny fandoavana ny «fahafolon-karena» ho «didy avy amin'Andriamanitra» satria voasoratra ao amin'ny Baiboly. Efa nohazavaina tary aloha ny nahatonga ny fifidianana ny fahafolon-karena ho fomba fanao. Mitondra mandrakariva ho amin'ny fahadisoam-pinoana sy fiviliana eo amin'ny ara-panahy ny fanerena ny voasoratra ao amin'ny baiboly hifanaraka amin'ny takian'ny sitrapon'ny tena fotsiny.
- Mbola isan'ny tetika fanaraoraotana mety hataon'ny sasany ihany koa ny fanairana ny fihetsehampo ka hanaovana rakitra tampoka tsy misy fampiomanana, mbamin'ny fampiasana maharitra fanatazan-drakitra vilia fisaka fa tsy kitapo, mba «hampahamenatra ny olona tsy handrotsaka vola madinika na kelikely sanda».

Maro ny fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodinana ny sain'olona tsotra mety hataon'ny sasany eo amin'ny fampandoavana adidy. Tsy mety koa anefa ny mitsara avy hatrany ny zava-misy ho mifono fanaraoraotana na fanodinkodinana. Indraindray dia efa raisin'ny olona tsotra ho fomba fanao izany, ka tsy mampaninona azy akory, na dia toa manana endrika fanerena an-kolaka aza ety ivelany. *Ohatra* iray momba ny «rakitra manodidina sy aterina eny amin'ny alitara». Izahay dia nihevitra sy resy lahatra mihitsy teo aloha fa fanerena an-kolaka ny olona hanao rakitra io (satria menatra sy miavaka eo izay tsy mitsangana na izay manome kely ka hitan'ny maro). Nisy mpitandrina raiamandreny iray nanao fampianarana tao amin'ny fiangonana nentiny kanefa indray mandeha, ka nahalasa eritreritra anay tokoa sy nampiova ny fomba fihevitray. Hoy izy hoe : «Rehefa fotoanan'ny rakitra dia manana fahafahana ianao, raha menatra ny hafa satria tsy manana omena noho ny fahasahirananao, mba hivoaka mialoha, na hijanona eny an-toerana ihany. Fa ny antony lehibe hanaovantsika rakitra aterina dia hampahatsiarovana anareo fa *Andriamanitra tsy mba mangataka na mitambezo amintsika tahaka ireo mpangataka, fa isika no manatona hanolotra ho amin'ny asany, ary raiso ho toy ny fanapahan-kevitrao hanolo-tena hanompo Azy ny fitsangananao hanatona manakaiky ny alitara hanatitra izany fanomezana izany.*» Mety hanana endrika fanerena an-kolaka ihany angamba izany teniny izany, kanefa koa mahatonga fampieitreretana. Hitanay ny faharisihan'ny maro hanao izany, koa naharesy lahatra anay fa ny fampianarana sy fitaizana dia mety hanova ny fomba hanjary ho fiasana handresy lahatra tokoa hanao araka ny sitrapon'Andriamanitra.

► Sorohina araka izay azo atao koa, mba tsy hisian'ny fiahiahiana ary mety ho tafiditra ao anatin'ny fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodinana ny sain'ny olona, ny tsy manao fampahafantarana mazava ny antony sy ny fomba fitantanana eo amin'ny fanangonam-bola ho an'ny Fiangonana (transparence). Ho antsika aty Frantsa dia takian'ny lalàna momba ny Fikambanana rehetra (Loi 1901 et Loi 1905) ny tsy maintsy hankatoavan'ny Fivoriamben'ny mpikambana ny Teti-bola (Budget), ny fisian'ny olona fara-faharatsiny roa manisa ny rakitra sy ny vola nangonina ary mametraka mazava an-tsoratra tatitra momba izany mba hotanan'ny mpitantana na mpitan-tsoratry ny vola, mialoha ny hanomezana azy ny Mpitahiry vola, ny fampahafantaran'ny mpitahiry vola ny Fivoriambe ny toe-bola efa nohamarinin'ny Mpanamarim-bola roa. Efa mampihatra io isika ato amin'ny FPMA. Voninahitra sy haja omena an'Andriamanitra Tompon'ny asa sy Lohan'ny Fiangonana ny fitantanana mangarahara atao eo amin'ny fananam-piangonana ho entiny miasa. Izay tsy mahavita izany araka ny tokony ho izy dia tsy azo sakanana mihitsy ny fiahiahian'ny olona ny tompon'andraikitra ho manao ny tsy marina sy mamilivily ny fananana iombonana.

Iaraha-mahafantatra tsara, voalaza teo am-panombohana ity paragrafy ity, fa raha misy fikambanana mampiahiahy ny fanjakana ny antom-pisiany, na fikambanana tsotra io na ara-pivavahana, dia ny ara-bola

no hanaovany fanadihadiana voalohany ; avy amin'izany no nahatonga ny fandravana ireo fikambanana heverina ho mampidi-doza, mbamin'ny nosokajiana ho "sekta".

4. NYFAMITAHANASANYOLONAEOAMINŃNYFANAOVANDRAHARAHA (***tromperie***).

Tsy ifanerena ny fanaovana adidy, kanefa tsy mety afaka amin'ny fisainan'ny olona sasany foana ny manao fitapitaka, tsy mba mandeha araka ny marina eo amin'ny fandraharahana ara-bola.
Ao amin'ny Soratra Masina dia fantatsika tsara ny tantaran'i Ananiasy sy Safira[40]. Mba te hiseho ho marina eo anatrehan'ny namany, sy mody naneho fahavononana izy ireo, kanefa tsy foiny manontolo atolotra ny fananany fa nisy nafeniny hotehiriziny ho azy manokana. Tsy nisy nanery azy mihitsy kanefa hanome. Ilay laingany sy hafetsifetseny no nanameloka azy, koa henjana ny famaizana nahatran'ny Tompo taminy, fa maty teo no ho eo izy mivady, rehefa vaky barara ny fitaka nataony tamin'Andriamanitra (aza adinoina fa ny Fiangonana no Tenan'I Kristy ety an-tany, koa ny mamitaka ny Fiangonana dia mamitaka an'i Kristy). *Tsy ny ambara sy ny aseho no zava-dehibe eo anatrehan'Andriamanitra fa izay atao sy araka ny nahimpon'ny mpanome tokoa.*
► Endrika voalohany isehoan'izany famitahaha izany ao amin'ny Fiangonana ny fandaingana ataon'ny tompon'andraikitra sasany momba ny fanisam-bahoaka (statistique) mba hisorohana ny handoavana bebe kokoa ho an'ny adidy iombonana.
► Fitaka be ny fanoloana izay efa nokendrena hatolotra amin'ny zavatra hafa ratsiratsy kokoa , fa tiana hotanana ho an'ny tena izay tsara (substitution des dons). Misy efa manokana toe-bola ho amin'ny rakitra sy ny vokatra, fa eny an-dalana sy eo am-panatanterahana azy dia miova izany ka tehirizina ho an'ny tena ny am-pahany. Efa hitanay ny fakan'ny olona sasany ampahany amin'ny fanome ny mpitandrina, fa tsy araka ny efa nifanarahan'ny besinimaro hatao izany. Fahadisoana lehibe eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana ny toy izany.
► Fitaka ihany koa ny fanodinkodinana amin'ny alalan'ny fampianarana voatolotra ny adidy tokony hatao ho mody ho an'ny asam-piangonana. Jesoa Kristy dia nanome tsiny mafy dia mafy ireo Fariseo sy mpanora-dalana nanao izany. Fa hoy ny Tompo hoe : «Fa hoy Mosesy :"Manajà ny rainao sy ny reninao", ary koa "izay miteny ratsy ny rainy sy ny reniny dia hatao maty tokoa". Fa hoy kosa ianareo : Raha misy olona milaza amin'ny rainy na amin'ny reniny hoe : Efa korbana (izany hoe, fanatitra *ho an'Andriamanitra* izay rehetra tokony hahazoanareo soa avy amiko, dia tsy avelanareo hanao na inona na inona ho an'ny rainy sy ny reniny intsony izy, ka dia foananareo ny tenin'Andriamanitra amin'ny fampianarana voatolotra anareo, izay nasainareo hotandremana ; ary zavatra maro mifanahantsahana amin'izany koa no ataonareo.»[41]
Tsy azo anilihana tsy hanaovana adidy eo amin'ny fianakaviana ny asam-piangonana. Fa hoy ny apostoly Paoly hoe : «Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza.»[42]
► Fitaka ihany koa ny fanodinkodinana na familiviliana ny fampiasana ny vola tsy araka ny nikendrena azy teo am-boalohany (détournement d'affectation). Tsy nomasahina tsara ny laharam-pahamehana (ordre de priorité) teo am-pamolavolana ny teti-bola, koa navadika ny fampiasana ny sasany mba hamenoana ny banga amin'ny hafa. Sady fahadisoana araka ny lalàna izany, no fanehoana tsy fahatokisana eo anatrehan'Andriamanitra koa.
► Fa mbola fitaka lehibe ihany koa ny fanaraoraotana ataon'ny olona sasany ny asam-piangonana mba hahazoana tombony ho an'ny tena manokana. Fahita izany indraindray eo amin'ny fanaovam-bokatra, mbamin'ny fivarotana fitaovana na fitafiana ho an'ny vahoaka kristiana ao am-piangonana. Tsy mampaninona ny sasany, mody miseho ho mikarakara sy manampy ny Fiangonana, ny manafina ny tena mason-karena amin'ny zavatra amidy, fa maka tombony ho azy mihoatra noho ny tombony alain'ny mpivarotra eo amin'izao tontolo izao. Tena fihatsarambelatsihy sy famitahana izany, fa saingy tsy mahavita ny mitory eo anoloan'ny fitsaran'ny tany ny Fiangonana mba hitandroana ny voninahitr'Andriamanitra. Fa hanao ahoana kosa ny fitsaran'Andriamanitra ny olona manao toy izany izay tena taranak'i Ananiasy sy Safira mihitsy! Azon'ny sahirana atao ny mangataka fanampiana amin'ny Fiangonana, fa tsy mety ny mampiasa ny Fiangonana hitadiavan-tombony tsy marina ho an'ny tena.
► Misy eo amin'ny fikambanana tsotra matetika ny antsoina hoe "parasy omana" (parasite) izay mialokaloka sy mitsetsitra ny namany ao anatin'ny fikambanana. Mampalahelo fa misy ihany koa izany inadraindray ao amin'ny asam-piangonana, indrindra fa raha misahana asa fanasoavana eo amin'ny fiaraha-monina ny Fiangonana. Vatran'ny sasany manao izany famitahana izany ny mampiasa ny fitaovana sy ny fananam-piangonana ho an'ny tenany hahazoany soa ho azy manokana, ka ny hafa mila izany indray no manjary mandefitra sy mihafy ary tonga "tompony mangataka atiny" araka ny oha-pitenenantsika malagasy.

[40] *Asan'ny Apostoly 4, 36 -5, 1-11.*
[41] *Marka 7, 10-13*
[42] *I Timoty 5, 8*

Efa voalaza tany aloha, fa tsy ny ara-bola ihany izany, fa mitaky ny fanolorantena manontolo. Ireto lazainay manaraka ireto, raha fintinina, no atolotra ho fanoitra hanefantsika ny adidy amin'ny maha-mpikambana antsika ao am-piangonana :

1. **Fanekena (engagement)** atao eo anatrehan'Andriamanitra izany. Tsy an-tery fa an-tsitrapo araka ny nahimponeny tsirairay. Tsy mba mivadi-panekena na oviana na oviana Andriamanitra, fa manome ho antsika araka izay efa nampanantenainy, na tsara isika na ratsy. Anjaran'ny tsirairay ny manaja ny fanekeny teo anatrehan'Andriamanitra, raha resy lahatra amin'ny finoana izy fa sitrak'Andriamanitra ny hiara-miasa aminy hanao ny asany.
2. **Haja sy voninahitra** (**Dignité et honneur**) omen'Andriamanitra antsika ny fanekeny hiara-miasa amintsika. Tsy tokony horaisintsika ve izany, na dia «mpanompo tsy mahasoa, tsy mahavita afa-tsy ny tokony hatao ihany» za isika ?
3. **Fahatokiana sy fitozoana (fidelité et régularité)** no entina manao ny adidy ho enti-manana ny asan'Andriamanitra. Tsy hoe, rehefa te hanao dia manao ary miandry tambatambazana na dokafana mba hanaovana be, fa amin'ny zavatra rehetra dia aza adinoina ny tenin'ny Soratra Masina hoe : «Fa mahatoky Andriamanitra izay nahatonga ny fiantsoana anareo, mba hananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesoa Kristy Tompontsika.»[43]

Toetra ratsy sorohina tsy hanaovana ny adidy ho amin'ny asan'Andriamanitra kosa ireto tanisaina manaraka ireto :

a) **Toe-tsaina te hifehy ny hafa (esprit de domination)** , ka satria manome dia manery izay omena hanao araka ny sitrapo sy tadiavin'ny mpanome. Fomban'izao tontolo izao izany, fa tsy tokony hahazo vahana any am-piangonana mihitsy. Tsy ny habetsahan'ny atolotrao no sarobidy amin'Andriamanitra fa ny fonao manolotra sy ny finiavanao hankasitraka ny fahsoavana maimaimpoana rehetra natolony ho anao.

b) **Fahihirana sy fihenjanan-kevitra (avarice et rigidité)** : henjan-kevitra ny olona efa nanaiky hanome toe-bola iray, dia tsy manolotra mihoatra noho izany (ohatra nataontsika ilay fanaovana kajy mampiditra ny centimes), ary tsy mandray anjara afa-tsy amin'izay nanaovany fanekena ihany. Mety misy ny fandaniana tsy ampoizina, ka tsy tokony hifikitra amin'izay efa fantatra fotsiny. Tena ilaina ny malina sy miezaka hanaja ny teti-bola natsangana, kanefa ny toe-tsaina mahihitra dia mikatsaka mandrakariva hampihena ny fandaniana atao, na dia fantatra aza fa misy fiovana ny toe-javatra sy ny vidim-piainana. Rehefa tsy misy ny tena fitiavana dia mahazo vahana ireo toetra ratsy roa ireo.

c) **Fanaovana didiko fe-lehibe (autoritarisme)** : misy tokoa ny olona mahavita ara-potoana sy araka ny nekeny ny adidy tokony hataony ao am-piangonana, fa ny mampalahelo dia mitarika ny sasany hitsaratsara sy hibaikobaiko ny hafa mba hanao toa azy izany. Samy manana ny fomba fiainany sy ny zavatra mety hanahirana azy ny tsirairay, fa tsy anjarantsika mihitsy ny manamarina ny antony tsy nahavitan'ny hafa. Raha fampahatsiarovana na fanentanana indraindray dia tsy maninona, fa raha raisina ho fifehezana sy atao amin'avonavona izany dia mampivaona ny fanahin'ny fanompoana sy ny nahimpo ary ny fitiavana eo amin'ny asan'Andriamanitra.

d) **Mpitazam-potsiny sy faly midera sy mamporisika ny hafa :** tena misy tompon'andraikitra sasany mahay miteny sy mandokadoka ary mandrisika ny hafa, kanefa izy tsy manao mihitsy na dia kely aza. Na eo amin'ny faritra misy anao ao amin'ny tafo, na eo amin'ny Faritany, na amin'ny sehatra nasionaly, dia hevero aloha izay efa nataonao fa aza mpitazam-potsiny ny hafa eo amin'ny fanaovana adidy.

e) **Tsy mpiraharaha (insouciant)** : Tsy mampiasa saina amin'izay mety ho fahasahiranana lalovan'ny Fiangonana noho ny tsy fahampiana vokatry ny firotsahan'ny adidy. Manilika amin'ny hafa fa «tsy andraikitro izany!» Aza adinoina fa ny olona mahatsiaro adidy dia vonona mandrakariva hamaly ny fanontaniana (responsable) ataon'ny hafa, fa indrindra ataon'Andriamanitra aminy, hoe " *Ary ianao mba ahoana ?* »

«Fa ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony holavina, raha raisina amin'ny fisaorana, satria hamasinin'ny tenin'Andriamanitra sy ny fivavahana izany. … Fa mahasoa ihany ny fampiasana ny tena; fa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra no mahasoa amin'ny zavatra rehetra ka manana ny teny fikasana ny amin'ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy koa. » (I Timoty 4, 4,8)

Ho voninahitr'Andriamanitra Irery ihany !

[43] *I Korintiana 1, 9*

© Jean A. RAVALITERA, Docteur en Théologie